# JESOA KRISTY VOALAZA AO AMIN'NY KOR'ANY MANOMBOKA AMIN'NY NAHATERAHANY KA HATRAMIN'NY FIVERENANY


**Mostafa Mohamed Ali**

**(Association Al-Sadeq)**

# A) Masina Maria

## I-Ny Renin'i Maria (as)

Anne (amin'ny teny hebreu : Hannah) sy Joachim (amin'ny teny hebreu : 'Amran,  amin'ny teny Arabo : 'Imran) dia mpivady tsy niteraka, ary i Joachim dia olona fanta-daza teo anivon'ireo zanak'Israely, saingy ny vadiny dia rera-tsaina tokoa satria tsy nanan-janaka. Indray andro, rehefa nahita vorona iray izy nanome sakafo ireo zanany, dia vao maika nitombo ny faniriany hanan-janaka. Izany no nahatonga azy nangataka tamin'ny Tompony mba homeny zanaka. Noeken'Andriamanitra ny fangatahany, ka nitoe-jaza i Anne. Tamin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra, dia nahafantatra i Joachim fa hanana zanaka lahy izy izay hanasitrana ireo marary, hampitsangana ireo maty noho ny alalana avy amin'Andriamanitra, ary izy io dia Mpaminany. Noho izany fanambarana izany dia nanantena hahazo zanaka lahy i Anne, nefa tsy fantany fa zaza vavy no entiny ao ambohoka izay ho lasa Renina Mpaminany aty aoriana. Vonton-kafaliana tokoa i Anne ka nanambara tamin'Andriamanitra izy fa ho atolony ho Azy izany zaza entiny ao ambohoka izany. Noho ny fantatra ary fa tsy zaza lahy ilay zaza, dia natao ho mpikarakara ny tranon'Andriamanitra ny andraikiny, manadio sy mandamina izany toerana masina izany,

ary amin'ny fotoana malalaka dia mivavaka sy mitalaho ary manompo an'Andriamanitra. Ary tamin'izany fotoana izany dia voninahitra tokoa ny fanokanantena ho an'Andriamanitra.

## II- Ny fahaterahan'i Maria (as) sy ny alahelon'ny Reny

Nalahelo i Anne rehefa teraka nahazo zaza vavy ; tsy hoe noho ny fahazoany zanaka vavy akory, fa noho ny fahatsapany, fa ny fampanantenana nataony tamin'Andriamanitra dia tsy ho vitan'ny vehivavy. Izay indrindra no nahatonga an'i Anne niteny tamin'ny Tompony ka nilaza Taminy izy nanao hoe : « ny ankizy vavy dia tsy afaka hitana ny andraikitra mitovy amin'ny ankizy lahy ». Nomeny anarana hoe Maria ny zanany vavy (amin'ny hebreu : Myriam, ary amin'ny arabo : Mariam), ary nangataka tamin'Andriamanitra izy mba hiaro ity zanany vavy ity sy ny taranany.

Milaza ny kor'any masina hoe :

Raha niteny ny vadin'i Imran hoe**: "Tompo Zanahary ô! Efa nivoady an-tsitra-po aho, fa atolotro ho anao izay ato ambohoko. Ka aoka Ianao hanaiky ny fitalahoako. Fa Ianao no Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra. »**

**(kor'any, Toko 3, And.35)**

Ka nony niteraka azy izy, dia nilaza**: "Tompo Zanahary ô! Indro aho fa niteraka vavy", ary efa fantatr'Andriamanitra rahateo izay naterany! Ary tsy tahaka ny lahy ny vavy. Fa izaho nanome anarana azy hoe Maria, ary dia mametraka azy sy ny taranany ho eo ambany fiarovanao amin'I satana, ilay voahozona.**

**(kor'any, Toko 3, And.36)**

## III – Iza no handray an-tanana ny fiandraiketana an'i Maria (as) ?

Taoriana kely ny fahaterahan'i Maria (as), dia nampitafian'i Anne lamba i Maria ary nentiny tany amin'ny tempoly. Rehefa tonga tany izy ireo, dia natolotr'i Anne tamin'ireo Pretra hitany tao ny zanany vavy. Notantarainy tamin'izy ireo ny voady izay nataony amin'ny hanolorany ity zanany ity hanokantena amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Noho izany dia nangataka tamin'ny iray amin'izy ireo izy mba handray an-tanana ity zanany vavy ity. Nanolo-tena avy hatrany ny Mpaminany Zakaria (as) fa handray an-tanana ny fikarakarana an'i Maria, satria tsara ho fantatra fa ny nenitoan'i Maria dia vadin'ny Mpaminany Zakaria (as). Izany hoe ny rahavavin'i Anne izay antsoina hoe Ashâ dia vadin'ny Mpaminany Zakaria (as) (amin'ny hebreu : Zechariah, amin'ny arabo : Zakaria). Saingy ireo Pretra izay

nanatrika teo dia tsy nanaiky ny hevitra natolotry ny Mpaminany Zakaria (as), ka nilaza izy ireo fa tokony manao antsapaka. Tsara ho marihina ihany koa fa ny fandraisana an-tanana ity zaza ity dia voninahitra ho an'izay manao izany, noho ny toerana misy an'ny Rainy eo anivon'ireo zanak'Israely. Ka ilay antsapaka dia toy izao, ny tsirairay amin'izy ireo dia samy maka tapaka hazo ary manipy izany any anaty renirano, ary ny tapaka hazon'ny tsirairay dia samy misy ny anaran'izay nanipy azy. Izay tapaka hazo tsy milentika anaty rano fa mijanona eo amboniny, izay tompon'izany no voafidy handray an-tanana ny fiandraiketana an'i Maria (as). Ka tamin'ny alalan'izany no nahavoafidy an'ny Mpaminany Zakaria (as) ho mpiandraikitra an'i Maria. Tsara ho tsindrina fa izy no mendrika indrindra amin'izy ireo, ary fanampin'izany ny maha mpaminany azy, sy ny maha vadin'ny nenitoan'i Maria azy. Ka hitantsika fa ny safidy tsara dia mipetraka amin'ny Mpaminany Zakaria (as).

## IV – Ny fiainan'i Maria (as) tao amin'ny Tempoly

Nifidy vehivavy ny Mpaminany Zakaria (as) mba hisolo-tena azy amin'ny fikarakarana mivantana an'i Maria, ka tsy iza moa izany fa ny vadin'ny Mpaminany Zakaria ihany. Afaka fotoana fohy dia nanamboatra

trano fanompoana manokana ho an'i Maria ny Mpaminany Zakaria (as), mba hahafahan'i Maria mivavaka sy manompo an'Andriamanitra amin'ny tontolon'androny. Mitondra sakafo tsy tapaka ho an'i Maria (as) izy, satria izy no miandraikitra azy. Indraindray anefa rehefa tonga mamangy izy, dia mahita voankazo tsara vaovao ary tsy amin'ny fotoana fahavokarany. Rehefa manontany azy i Zakaria (as) hoe, avy aiza ireo voankazo ireo? Dia hoy izy namaly: "Andriamanitra no nandefa ireo tamiko." Izany hoe raha lazaina amin'ny fomba hafa, dia avy any amin'ny paradisa izy ireo. Noraisin'i Maria ho toy ny voninahitra sy fanajana lehibe avy amin'Andriamanitra izany fahasoavana tonga aminy izany. Tsara ho marihina fa ireo tranga mahagaga dia tsy voatokana fotsiny ho an'ireo Mpaminany (as), fa afaka miseho sy mitranga amin'ireo olona tena akaiky an'Andriamanitra.

Milaza ny boky masina kor'any :

**Izany dia anisan'ireo fanambarana mikasika ny zava-miafina,faminaniana ampitainay aminao. Ary tsy nanatrika azy ireo ianao raha nanipy ny peniny nanao an-tsapaka izy ireo hoe: Iza amin'izy ireo no hitaiza an'i Maria? Ary tsy nanatrika azy ireo ihany koa ianao rehefa nifanditra izy.**

**(kor'any, Toko 3, And.44)**

**Ka dia nanaiky azy ny Tompo Zanahariny, ary feno fahasoavana ny fanekena, ka nampitombo azy ho fitomboana tsara. Ary i Zakaria nandray ka niahy azy. Isaky ny miditra ao aminy, amin'ilay toeram-pivavahana I Zakaria, dia mahita anjara sakafo eo aminy mandrakariva. Ka hoy izy:"Ry Maria! Fomba ahoana no nahazoanao izao?", ka hoy izy namaly:"Ireo dia avy amin'Andriamanitra" . Eny, fa Andriamanitra dia mizara ny anjarampivelomana tsy tambo isaina araka izay sitrany.**

**(kor'any, Toko 3, And.37)**

## V- Ilay fitsapana mafy

Ny boky masina kor'any dia milaza fa i Maria (as) dia nitady toerana manokana mba hahafahany manatanteraka tsara ny fanompoana an'Andriamanitra; ka izay indrindra no nahatonga azy nifidy ny atsinanan'ny tempoly izay somary lehibe kokoa, sady madio sy mazava. Mila hanakaiky kokoa an'Andriamanitra i Maria, ka hanokatena hitia sy hitodika amin'ny Mpahary azy.

Milaza ny boky masina kor'any hoe :

**Ambarao ao amin'ny Boky (Kor'any) i Maria, raha niala tamin'ny fianakaviany izy, hankany amin'ny toerana iray any atsinanana.**

**(kor'any, Toko 19, And.16)**

Ny olona iray izay maniry ny hiataka tanteraka amin'ny fiainan'izao tontolo izao, fa hanokatena amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, dia tsy maintsy mifehy tena amin'ny zavatra maromaro, na amin'ny zavatra henoin'ny sofina izany, na amin'ny fofona, na amin'ny zavatra jeren'ny maso. Satria raha vao tsy mipetraka tsara ny fifantohana dia very ny fifaliana tokony hiditra amin'ny mpanompo amin'ny fitalahoana izay ataony. Ny fofon-kanina, ny adi-hevitra eo amin'ny olona roa na mihoatra izany, ireo haingon-trano dia anisan'ireo ohatra amin'ireo zavatra mampihena ny fifantohana. Ka ny mpanompo dia tokony miezaka araka izay vitany miataka amin'ny zavatra toy izany, mba hahatratra ny tanjona kendrena. Ka ny zavatra nataon'i Maria dia ny fametrahana voaly manelanelana azy sy ireo olona hafa, mba hahafahany manokantena tanteraka amin'ny fanompoana amin'ny toerana malalaka sy mazava. Sady ny toerana toy izany dia mety tsara amin'ny fanaovana tonombavaka.

Indray andro, nalefan'Andriamanitra tany amin'i Maria ny anjely Gabriel, ka niseho taminy amin'ny endrika lehilahy tomady. I Maria (as) izay olona nanokantena ho an'ny fitiavam-bavaka sy ny fahamaotinana, dia tsy hahazaka hijery ny zavatra toy izany, ka natahotra mafy tokoa. I Maria izay nanao ny ezaka rehetra vitany mba hitalaho amin'Andriamanitra ao amin'ny tempoly mandritra ny fiainany, ary nisafidy toerana mitokana mba hahafahany manompo an'Andriamanitra samy irery, lavitra ny rehetra, dia nifanatrika tampoka tamina

lehilahy tomady, izay tsy fantany akory. Rehefa nahita izany izy, dia nilaza avy hatrany fa mangataka fiarovana amin'Andriamanitra manoloana izany lehilahy izany. Tsara ho marihina fa manoloana izany toe-javatra mampitebiteby izany, dia niantso ny Tompony avy hatrany izy, ary tsy vitan'izay, fa namoaka teny ihany koa izy, izay manaitra ny finoana sy ny fitiavam-bavaka ao amin'izany lehilahy izany, mba tsy hahatonga azy hanao zavatra ratsy. Ary iza moa no tsy tia ny fampahatsiarovana ny fisian'ilay be fiantrana?

Milaza ny boky masina kor'any mikasika izany :

**Nasiany voaly nanelanelana azy, amin'izy ireo. Nalefanay taminy ny Fanahy (Gabriely) avy Aminay, izay niseho taminy, amin'ny endrika lehilahy tomady.**

**(Kor'any, toko 19, And.17)**

Hoy izy (Maria)**: "Mangataka fiarovana amin'Ilay be Fiantrana aho, hanoherako anao, (aza manatona ahy ianao) raha mpivavaka".**

**(kor'any, toko 19, And.18)**

Marihina fa ilay lehilahy tomady dia namaly azy haingana, satria hitany fa matahotra mafy i Maria (as), ka nambarany taminy ny anton-diany. Izy dia mpitondra hafatra avy amin'Andriamanitra ho an'ny masina Maria (as), ary nolazainy fa tsy olombelona izy, fa anjely iraka avy amin'Andriamanitra. Somary

tony izy naheno izany, saingy taitra nandre ny vaovao nolazain'ilay iraka; fa hitondra vohoka izy nefa tsy nisy lehilahy nikasika azy akory. Fitsapana mafy tamin'i Maria tokoa izany; ka nanontany tamim-pahagagana izy, amin'ny fomba hitondrany vohoka nefa izy tsy manambady, ary tsy ratsy fitondrantena. Te-hilaza izy hoe tsy afaka ny hisy izany, satria ny zavatra izay nanomezan'Andriamanitra alalana azy, dia mbola tsy nandalovany akory ny dingana amin'ny fahafahana manan-janaka na tsia. Nefa Andriamanitra dia nanome azy izany zaza izany tsy manan-dray, ary mora amin'Andriamanitra izany. Moa ve tsy nahary ny Mpaminany Adam (as) Andriamanitra tsy nisy Ray sy Reny?
Izany zaza izany dia famantarana ho an'ny olona mba hanaporofony amin'izy ireo ny Fahefany amin'ny fahariana izay efa nasehony tamin'ny nahariany ny Mpaminany Adam (as). Ka izany zaza izany dia fahasoavana avy amin'Andriamanitra ho an'ny olombelona, satria hitarika azy ireo amin'ny fitiavana ilay Mpahary. Nanamafy taminy ilay anjely fa izany dia fanapahan-kevitr'Andriamanitra, ary toy izany no ho fisehon'ny zava-mitranga. Ka izany lahatra izany dia tsy afaka ho lavina, na hovaina amin'ny alalan'ny fitalahoana.

Milaza ny kor'any masina :

Hoy izy namaly**: "Iraka avy amin'ny Tomponao tokoa aho, hanome anao zazalahy madio".**

**(kor'any, Toko 19, And.19)**

Hoy izy (Maria): **"Fomba ahoana no hananako zanaka lahy, nefa tsy nisy lehilahy nikasika ahy akory, ary tsy mpijangajanga aho?".**

**(kor'any, Toko 19, And.20)**

Ary hoy izy: **"Ho tanteraka izany! Mora ho Ahy izany, hoy ny Tomponao! Ary hataonay famantarana ho an'ny olona izy, sy famindram-po avy Aminay. Raharaha efa tapaka izany".**

**(kor'any, Toko 19, And.21)**

## VI – Masina Maria (as) nitoka-monina irery

Rehefa nitoe-jaza i Maria (as), dia lasa izy nandeha niataka ny tanana, satria fantany fa ny zavatra mahazo azy dia tsy ho eken'ireo olona manodidina azy, izay efa nametraka azy amin'ny toerana mendrikaja noho ny lalana nofidin'ny reniny ho azy. Misy amin'izy ireo milaza fa ora vitsivitsy monja no nitondran'i Maria ny vohoka, ny sasany indray milaza fa enim-bolana, fito volana, valo volana na sivy volana. Nalahelo mafy tokoa izy, saingy fantany fa Andriamanitra dia tsy hamela azy amin'izany fitsapana mahazo azy izany, satria hainy fa Mpaminany ny zaza entiny ao ambohoka, izay hitaridalana ny olombelona noho ny alalana avy amin'Andriamanitra. Araka ny mahazatra, ny

vehivavy efa akaiky hiteraka dia mandeha manatona ireo fianakaviany mba hahazo fiahiana, fa tamin'i Maria (as) indray dia vao maika nanalavitra ny olondrehetra izy, ary nandeha tany amin'ny tany efitra. Nipetraka teo akaikina hazo palma izy, ary niaiky fa aleony maty tamin'izay fotoana izay mba ho adino tanteraka ny momba azy. Natahotra mafy izy amin'ny fahazoana zaza irery amin'izao, tsisy fanazavana, ka vonton-kalahelo amin'ny fipetrahany samy irery, manoloana ny fitsapana mahazo azy amin'ny fiterahana, tsisy olona miaraka aminy, tsisy fianakaviana, tsisy rano, tsisy sakafo, tsisy toerana tsara mba hahafahany miala sasatra.
Milaza ny boky masina kor'any :

**Dia nitoe-jaza àry izy, ka nisintaka niaraka taminy (ilay zaza) tamin'ny toerana lavidavitra.**

**(kor'any, Toko 19, And.22)**

**Avy eo, dia nitarika azy teo ampototry ny hazo palma ny fanaikitr'ilay zaza ao am-bohoka, ka hoy izy: "Lozako! Naleoko maty talohan'ity fotoana ity! Ary aoka aho ho hadinoina tanteraka!".**

**(kor'any, Toko 19, And.23)**

## VII – Ny fanamaivanana azon'i Maria (as)

Tsy naharitra ny halahelo izay nihatra tamin'i Maria (as), satria Andriamanitra dia nampiteny ny zanany mba hampilamina ny sainy. Izany hoe rehefa avy

niteraka ilay zaza i Maria dia nanambara ny boky masina Kor'any fa niresaka taminy ilay zaza, nefa mbola teo ambaniny. Nanambara taminy ilay zaza fa misy rano eo an-tongony , ary hisy voan'antrendry masaka sy tsara hilatsaka avy amin'ny hazo palma akaiky azy, taorian'ny fanozongozonany azy. Nangataka taminy ary ilay zaza amin'ny tokony hifaliany, satria ankehitriny dia afaka misakafo sy misotro izy, ary fanampin'izany dia nahazo zaza izy.

Milaza ny boky masina kor'any :

Dia nisy niantso azy avy ao ambaniny hoe**: "Aza malahelo ianao, fa nasian'ny Tomponao loharano eo an-tongotrao,**

**(kor'any, Toko 19, And.24)**

**ka aronjeno mankany aminao ny vatan'ny hazo palma, fa hisy antrendry tsara sy masaka, hilatsaka eo aminao,**

**(kor'any, Toko 19, And.25)**

**koa mihinàna sy misotroa, ary aoka hifaly ny masonao". Raha mahita olona iray ianao, dia ilazao izy hoe: "Marina fa nanao fifehezana tamin'Ilay be Fiantrana aho, ka tsy hiteny, na amin'iza na amin'iza amin'ny olona aho androany".**

**(kor'any, Toko 19, And.25)**

## VIII- Ilay mpiaro an'i Maria (as)

Andriamanitra taorian'ny nahaterahan'ilay zaza dia nangataka tamin'i Maria mba tsy hiresaka amin'ny olona n'iza n'iza. Noentin'i Maria (as) ary ny zanany mba ho any amin'ny fianakaviany. Rehefa tonga tany amin'izy ireo anefa izy, dia noendrikendrehan'izy ireo ho nanao fahotana lehibe. Ny sasany dia tafiditra tao anatin'ny fisalasalana tanteraka ka nilaza fa ireo Ray aman-dReniny dia olona tsara, ahoana ary no nahatonga ity zanan'izy ireo vavy ho lasa toy izao?

Toy izany ny fandehan'ny adihevitra mikasika ilay voaampanga izay tsy afaka nanazava ny zava-mitranga, satria ho an'ireo vavolombelona nanatrika izany, dia ny firaisana ara-nofo ihany no afaka hahazoana zaza toy izao. Ka noho izany dia narovan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny zanany i Maria (as) izay noendrikendrehina, satria tafavoaka tamin'ny fitsapana izay nahazo azy izy tamim-kerim-po.
Manao karazana fihetsika amin'ity zanany i Maria izay nahagaga ny rehetra. Ahoana tokoa moa ahazoan'izy ireo fanazavana avy amin'ity zaza mbola mena vava ity?
Saingy noho ny fahagagana avy amin'Andriamanitra, dia niteny ity zaza ity, ary nilaza fa izy dia mpanompon'Andriamanitra. Ary izany no teny voalohany nolazainy. Marihina araka izany, fa tsy ny filazany ny anarany no nanombohany ny teny izay nolazainy, na ny toerana ara-panahy misy azy, fa

namafisiny hoe, izy dia mpanompon'Andriamanitra, nomena azy ny boky masina, ary nofidin'Andriamanitra ho Mpaminany izy.

Milaza indrindra ny boky masina kor'any mikasika izany :

**Avy eo, dia niverina tany amin'ny mpiara-monina aminy izy, nitondra ilay zazakely. Ka hoy izy ireo: "Ry Maria! Nanao zavatra mahatsiravina ianao!**

**(kor'any, Toko 19, And.27)**

**"Ry anabavin'i Harona!Tsy olon-dsatsy ny Rainao, ary tsy mpivarotena ny Reninao".**

**(kor'any, Toko 19, And.28)**

**Nanondro ny zazakely izy (Maria). Hoy izy ireo: "Ahoana no hiresahanay amin-jazakely mbola eo am-pandriana?"**

**(kor'any, Toko 19, And.29)**

Fa hoy izy (zazakely)**: "Tena mpanompon'Andriamanitra marina aho. Nanome ahy ny Boky Izy, ary nanendry ahy ho Mpaminany,**

**(kor'any, Toko 19, And.30)**

## IX- Maria (as), ohatra amin'ny fitiavam-bavaka, fahamaotinana, sy fanompoana

Hatrizay teo amin'ny tantara, dia nandefa ohatra fakan-tahaka ho an'ny olombelona Andriamanitra, satria ny olona tsirairay dia mila mahita ohatra fakan-tahaka mba ho arahany. Ka ny ankizy dia mazana maka tahaka ny Ray aman-dReniny. Ny olon-dehibe indray izay miaina ao anaty fiaraha-monina, raha ohatra ka tsy fantany ny ohatra tokony arahany izay nalefan'Andriamanitra, dia izay olona mitovy tanjona aminy no halainy tahaka. Ka izay mieritreritra fa ny harena no tanjony eo amin'ny fiainany dia izay mpanan-karena indrindra ety an-tany no halainy tahaka. Izay mieritreritra indray fa hoe, ny laza no tanjona eo amin'ny fiainana, dia izay olona malaza indrindra ety an-tany no halainy tahaka; ary izay mieritreritra fa ny fananana fahefana no tanjona dia izay matanjaka sy manam-pahefana indrindra ety an-tany no halainy tahaka, dia toy izany hatrany. Kanefa raha hanontaniantsika ireo mpanan-karena indrindra, sy ireo olo-malaza indrindra, ary ireo olona manana fahefana indrindra ety ambonin'ny tany, hoe sambatra ve ianareo sa tsia, dia hamaly antsika izy ireo hoe tsy sambatra izahay.

Raha ny marina, dia Andriamanitra irery ihany no mahafantatra ny zavatra hahasambatra antsika, sy ny ohatra tokony halaintsika tahaka mba hahatongavantsika amin'ny fahasambarana tanteraka. Ka ny olona halaintsika tahaka dia mety olona

mendrika tamin'ny vanim-potoana anankiray voafaritra, na mety olona mendrika amin'ny vanim-potoana rehetra, raha ohatra ka tongalafatra.
Ny Mpaminany Mohammad (saw) dia nilaza fa vehivavy efatra no mendrika indrindra teto amin'izao tontolo izao teo amin'ny tantara, dia tsy iza moa izany fa i Maria (as) zanak'i Imran, Khadija bint khowailid (vadin'ny Mpaminany Mohammad (saw) ary renin'i Fatima Az-zahra (as)), i Fatima Az-zahra (as) zanakavavin'ny Mpaminany Mohammad (saw), ary i Asia (as) vadin'i Faraona.
Fa naninona ireo vehivavy efatra ireo no nahazo izany anaram-boninahitra izany ?

## a)Maria (as)

Toy izao no voalazan'ny boky masina kor'any :

**Toy izany koa i Maria, zanakavavin'i Imran, izay nitandrina ny mahavirijiny azy, ka notsofinay taminy ny fanahy avy Aminay. Natoky tanteraka ny tenin'ny Tompony sy ireo Boky izy, ary isan'ireo nanokan-tena feno fankatoavana.**

**(kor'any, Toko 66, And.12)**

Ary raha niteny ireo Anjely**: "Ry Maria ô! Hamafisina, fa Andriamanitra dia nisafidy sy nanadio anao, ary nosoavina tamin'ny vehivavy rehetra tamin'izao tontolo izao ianao".**

**(Kor'any, Toko 3, And.42)**

Teboka anankiroa no voamarikintsika amin'izany :

Voalohany, ireo anjely dia niresaka tamin'i Maria (as), ka ireo Anjely izany dia tsy amin'ireo Mpaminany ihany no hiresahany fa miresaka amin'ireo olona vontom-pinoana tia vavaka ihany koa izy.

Ary amin'ny lafiny faharoa, i Maria dia voafidy indroa, araka ny andininy faha 42 izay voalaza ao amin'ny sourat laharana faha 3. Araka ny filazan'ireo anjely, dia voafidy ho anisan'ireo vehivavy efatra mendrika indrindra teto amin'izao tontolo izao izy, noho ny finoana izay nananany, ary ny faharoa dia noho ny fitondrana vohoka mahagaga, satria tsy nisy vehivavy teo amin'ny tantara nitovy taminy, na tamin'ny lasa izany, na ho amin'ny ho avy, amin'ny fitondrana vohoka tsy nisy firaisana ara-nofo, na tsy nisy fomba hafa.
Marihina fa araka ny voalazan'ny Imam Assadik (as), amin'ny andro fitsarana farany, ireo vehivavy izay nanao fahotana teo amin'ny fiainany, dia hilaza amin'Andriamanitra fa ny antony nahatonga azy ireo nanao fahotana dia noho ny hatsarana nomen'Andriamanitra azy. Amin'izay fotoana izay, dia antsoin'Andriamanitra i Maria (as), ary hapetraka amin'izy ireo ny fanontaniana toy izao hoe : moa ve mieritreritra ianareo fa tsara tarehy mihoatra an'i Maria (as)? Ka i Maria na dia teo aza ny hatsarantarehy tafahoatra nananany dia nitandrina hatrany ny finoany izy, satria ny vehivavy mpino dia tokony mandray hatrany ny hatsaran-tarehy

nomen'Andriamanitra azy ho toy ny fahasoavana, ka ny adidiny dia ny fankasitrahana Ilay Mpahary.

## b)Asîa (as)

I Asîa bint Mozahim (as), dia vadin'i Faraona izay nilaza ny tenany ho Andriamanitra. Tsy nanaraka ny lalana nizoran'ny vadiny i Asîa, izay nametraka ny tenany ho Andriamanitra, nahary izao tontolo izao. Tsara ho marihina ho an'ny vehivavy manambady, fa raha ohatra ka mitovy finoana aminy ny vadiny, dia mora aminy tokoa ny mampihatra izany finoana arahany izany, satria hahazo fanohanana amin'ilay vadiny izy amin'ny fotoan-tsarotra. Fa raha ohatra kosa ka tsy mitovy finoana izy ireo, dia hahita fahasarotana mafy ravehivavy amin'ny fiarovany ny fikasany. Nefa i Asîa izay teo anilan'ilay lehilahy lohany amin'ny fireharehana, izay nametraka ny tenany ho "Tompo avo indrindra" (toko 79, And.24) dia tsy nino ity vadiny, fa nino an'Andriamanitra. Rehefa fantatr'i Faraona ny finoan'ny vadiny, dia notereny hitsipaka izany. Saingy nandà izany hatrany i Asîa (as). Nanome baiko ary i Faraona fa ho fantsihana amin'ny fantsika ny tanana sy ny tongotr'i Asîa (as), ary izany dia eo anoloan'ny hafanan'ny masoandro.
Tamin'izay indrindra dia niteny i Asîa (as) hoe :

**Ary nataon'Andriamanitra fanoharana ho an'ireo mpino ny vadin'I Faraona, tamin'izy niteny hoe: "Tompo ô! Anamboary trano eo akaikinao any**

**amin'ny Paradisa aho, ka avoty amin'i Faraona sy ny asany aho, ary avoty amin'ireo olona mpanao ny tsy rariny".**

**(Kor'any, Toko 66, And.11)**

Tsara ho marihina fa rehefa niezaka nandresy lahatra azy i Faraona mba tsy hino ny Andriamanitry ny Mpaminany Mosesy (as), dia maro ireo nanome toro-hevitra azy, ary nilaza fa raha mikiry amin'izany izy dia ho very ny toeram-boninahitra misy azy, izay mpanjaka vavy, ary hiala ao amin'ny lapa lehibe. Ka ny zava-nitranga dia naneho fa naleon'i Asîa trano any amin'ny paradisa eo anilan'ny Tompony toy izay ny lapa lehiben'i Faraona, izay tsy nisy dikany teo anatrehany manoloana ny tenin'ilay mpiandry ondry, izay mitondra ny anarana hoe Mosesy (as). Ka araka izany dia nataon'Andriamanitra mitovy laharana amin'i Maria (as) i Asîa (as), izany hoe anisan'ireo vehivavy efatra mendrika indrindra teto amin'izao tontolo izao.

## d) Khadijah (as)

Izy indray dia vadin'ny Mpaminany Mohammad (saw), izay nanao ny vitany rehetra ho an'i Irak'Andriamanitra (saw), ka na ny volany (satria izy dia anisan'ireo nanan-karena indrindra teo anatrehan'ireo nanodidina azy tamin'izany fotoana izany), na ny toeram-boninahitra nisy azy, dia noentiny nanohana ny Mpaminany avokoa. Tamin'ny

fifindra-monin'ny Mpaminany sy ireo mpanaradia azy dia teo anilany mandrakariva i Khadijah (as). Izy ihany koa no vehivavy voalohany nino ny Mpaminany sy nanohana azy. Izany hoe izy no vehivavy niditra ny finoana Islamo voalohany, sy nivavaka tamin'Andriamanitra. Ka noho izany, tamin'ny fotoana nahafatesany, dia tsy nivoaka ny trano nandritra ny fotoana lavalava ny Mpaminany, ary nambarany fa izany taona izany dia taonan'ny alahelo.

## e) Fatimat Az-zahra (as)

Izy dia zanakavavin'ny Mpaminany Mohammad (saw) sy i Khadijah (as). Rehefa maty ny Reniny, dia izy indray no nikarakara ny Mpaminany (saw), ary nataony izay zavatra vitany mba hahatonga ny Mpaminany afaka hanohy tsara ny andraikiny. Ary izany no nahatonga ny Mpaminany nilaza hoe "Renin'ny Rainy". Nankasitraka tanteraka ny zavatra nataon'i Fatima (as) ny Mpaminany (saw), ka rehefa miditra any an-tranon'ny Mpaminany ity zanany vavy ity dia mitsangana izy, ary horohany ny tanany ka asainy maka ny toerana nipetrahany. Ary rehefa miditra any amin'ny tranon'i Fatima (as) indray ny Mpaminany (saw) dia ny zanany vavy no manoroka ny tanany. Nilaza ny Mpaminany (saw) hoe : "Nilaza ny Mpaminany hoe : I Fatima Az-zahra (as) dia singa avy amiko, izay manao ny hahafaly an'i Fatima Az-zahra (as) dia manao izay hahafaly ahy, fa izay manao ratsy aminy kosa dia manao ratsy amiko." Nilaza ny Mpaminany (saw) hoe rehefa mahatsiaro ny paradisa

izy, dia lasa manatona an'i Fatima (as) satria izy dia mitondra ny fofon'ny paradisa. Ny zanaka lahy matoan'i Fatima Az-zahra (as) dia nilaza fa izy dia mijanona tsy matory mandritra ny alina mba hivavaka, ary rehefa mila mangataka amin'Andriamanitra izy, dia mangataka ho an'ny mpino rehetra lahy sy vavy fa tsy mangataka ho an'ny tenany. Nilaza taminy ny zanany lahy hoe : "Ry Neny! Fa maninona ianao no tsy mangataka ho an'ny tenanao mihitsy?" Hoy izy namaly : "Ny mpifanolobodirindrina aloha, fa ny antsika aty aoriana." Fantatra fa olona malala-tanana sy tsara fanahy i Fatima Az-zahra (as). Nisy fotoana, tsy nisakafo nandritra ny telo andro i Fatima sy ny vadiny ary ireo zanany, satria isaky ny hariva, handeha hisakafo izy ireo, dia tonga ny mpangataka mandom-baravarana mitady sakafo ho hanina.
Milaza ny kor'any hoe :

**Tanterahin'izy ireo ny voadiny, ary atahorany ny andro hiparitahan'ny ratsy.**

**(Kor'any, Toko 76, And.7)**

**Manome sakafo ho an'ny mahantra izy ireo, ny kamboty, sy ny voababo, na dia eo aza ny fitiavany izany,**

**(Kor'any, Toko 76, And.8)**

ka miteny hoe**: "Noho ny voninahitr'Andriamanitra no anomezanay sakafo anareo, tsy mitady valisoa na fisaorana avy aminareo izahay.**

**(Kor'any, Toko 76, And.9)**

Ka noho ny fitiavam-bavaka nananan'i Fatima Az-zahra (as) sy ny fikatsahany ny fankasitrahan'Andriamanitra dia lasa anisan'ireo vehivavy efatra farany mendrika indrindra teto amin'izao tontolo izao izy.

## B) Ny Mpaminany Jesoa Kristy (as)

## I-Ny fahaterahana sy ny fahazazan'i Jesoa Kristy (as)

Ny zava-nitranga nahataitra indrindra dia fahitana an'ny Mpaminany Jesoa kristy (as) (amin'ny hebreu : Yehoshua, ary amin'ny arabo : Issa) niresaka hatramin'ny vao teraka, niaro ny Reniny, ary nanazava ny momba azy, izay nolazainy fa mpanompon'Andriamanitra. Nampiany fa izy dia nahazo boky masina, ka Mpaminany izy, ary feno hasoavana amin'ny toerana rehetra izay misy azy. Tsara marihina anefa, fa ny fitenenan'ny zaza menavava amin'ny teny mazava toy izany sady fehezan-teny lava dia tsy zavatra mahagaga tafahoatra ho an'ireo mpino vontom-pinoana tamin'izany fotoana izany.

Satria teo amin'ny tantara dia efa nitranga ny zavatra toy izany, tamin'ny vadin'i Potiphar (antsoina hoe Zoulaikha na vadin'i Al Aziz amin'ny fiteny arabo), izay nandrovitra ny lobaky ny Mpaminany Josefa (as) ( amin'ny hebreu, Yosseph, amin'ny arabo Yousouf), saingy nolaviny izany, fa noho ny fahagagana avy amin'Andriamanitra, dia nanambara ilay zaza menavava fa raha ohatra ka rovitra avy aty aoriana ny lobaky ny Mpaminany Josefa (as),  dia diso ny vadin'i Potiphar. Manadio an'ny Mpaminany Josefa (as) amin'ny hendrikendrika tsy marina izay nataon'ny vadin'i Potiphar izany.

Nanomboka hatramin'ny fahazazany dia efa famantarana avy amin'Andriamanitra ny Mpaminany Jesoa Kristy (as). Noho izy efa niteny mbola menavava dia lasa olona manana ny maha izy azy teo anatrehan'ny vahoaka izy, ka ankoatra izany fahagagana izany, dia niandry fahagagana hafa avy aminy izy ireo. Nanomboka teo amin'ny fahafito na fahavalo taonany, dia efa nanasitrana ireo marary izy ary nampitsangana ireo maty.

Milaza ny boky masina kor'any hoe :

Ary rehefa niteny Andriamanitra hoe**: "Ry Jesoa zanak'i Maria! Tsarovy ny fanasoavako anao sy ny Reninao, ka nanomezako hery anao tamin'ny Fanahy Masina. Niteny tamin'ny olona ianao fony mbola teo ampandrian-jaza, toy ireny efa lehibe.**

**Nampianariko anao ny Boky, ny Fahendrena, ny Taoraty ary ny Evanjely! Tamin'ny Alalako no nanamboaranao endrika vorona avy tamin'ny tanimanga; ary nasianao fofon'aina izany, ka dia tonga vorona tokoa tamin'ny Alalako. Ary tamin'ny Alalako ihany koa no nanasitrananao ny teraka jamba sy ireo boka. Ary mbola tamin'ny Alalako ihany koa no namelomanao indray ireo maty. Narovako tamin'ireo zanak'Israely ianao rehefa nitondra tamin'izy ireo ny porofo, nefa hoy ireo tsy mpino tamin'izy ireny: "ity dia tsy inona fa fanova-maso (majika) miharihary".**

**(Kor'any, Toko 5, And.110)**

## II – Ireo toetra manokana nananan'i Jesoa Kristy (as)

## a) Ny hafatra itovizan'ireo Mpaminany rehetra (as)

Ny zava-dehibe indrindra amin'ireo hafatra sy fanambarana masina noentin'ireo Mpaminany dia hoe : "ny olombelona dia mpanompon'Andriamanitra, satria izay no antony nahariana azy."

Milaza ny boky masina kor'any hoe :

**Tsy nohariako ny djiny sy ny olombelona, raha tsy ny hanompon'izy ireo Ahy.**

**(Kor'any, Toko 51, And.56)**

Marihina fa ireo Mpaminany (as) dia nanampy ny olombelona tamin'ny sehatra maro, ohatra amin'ny resaka fitsaboana, ny hairafitrano, ny fambolena, ny toe-karena sns…

Mpaminany anankiroa no horesahantsika eto, izay nanao asa ara-materialy, nefa raha ny marina dia mila hampita ny hafatra masina noentiny, izay manambara fa tsy tokony hanompo afa-tsy Andriamanitra irery.

## 1-Ny Mpaminany Noa (as)

Ohatra, ny Mpaminany Noa (as) (amin'ny teny hebreu, Noa'h, amin'ny teny arabo Nouh ), dia nanamboatra sambofiara lehibe izay tsy fantatry ny olona ny antony ilan'azy. Tsy mbola nisy olona nahita sambofiara lehibe toy izany tamin'izany vanim-potoana izany. Ny Mpaminany Noa (as), noho ny fanambarana avy amin'Andriamanitra dia nahafantatra fa toy izany no hanamboarana ilay sambofiara fa tsy amin'ny endrika hafa. Hila izany tokoa izy rehefa tonga ny safodrano.

Milaza ny boky masina kor'any :

**"ary mamboara sambofiara eo anatrehanay, araka ny fanambaranay. Fa aza miantso Ahy intsony ianao, mikasika ireo mpanao ny tsy rariny, satria harendrika izy ireo".**

**(Kor'any, Toko 11, And.37)**

Ny Mpaminany Noa (as) dia namintina ireo fikasany amin'ny fehezan-teny iray, araka ny voalaza ao amin'ny kor'any masina manao hoe :

**Efa nalefanay tamin'ny vahoakany i Noa, fa izaho dia mpampitandrina mazava ho anareo,**

**(Kor'any, Toko 11, And.25)**

**mba tsy hanompoanareo afa-tsy Andriamanitra. Atahorako aminareo ny famaizana amin'ny andro feno fanaintainana.**

**(Kor'any, Toko 11, And.26)**

## 2-Ny Mpaminany Josefa (as)

Nomen'Andriamanitra fahefana ny Mpaminany Josefa (as) hahay hanazava ny dikan'ny nofy. Manazava ny dikan'ny tenin'ny Mpaminany Josefa (as) ny boky masina kor'any hoe :

**Ry Tompoko! Nomenao fahefana aho, ary nampianarinao ahy ny fandikana ireo nofy. Mpahary ny lanitra sy ny tany Ianao, ary Ianao ihany koa no Tompoko, eto an-tany sy any an-koatra. Aoka ho faty ao anatin'ny fankatoavana aho, ka hiaraka amin'ireo olo-mendrika".**

**(Kor'any, Toko 12, And.101)**

Rehefa nogadraina tamin'ny tsy rariny ny Mpaminany Josefa (as), dia izy no nanazava ny dikan'ny nofin'ny Mpanjakan'ny Ejypta. Tsy nisy olona nahavita nanao izany tamin'izay fotoana izay. Tany amponja izy no nanazava amin'ny antsipirihany ny fomba tokony arahana mba tsy hahatonga ireo vahoakan'ny Ejypta ho tratry ny mosary araka ny voalaza mialoha tamin'ny nofy. Izy no nitantana ny toe-karenan'ny Ejypta nandritra ny fito taona, izay nisian'ny fiadanana, ary fito taona manaraka izay nisian'ny mosary.
Ka ny Mpaminany Josefa (as) dia nandalo tamin'ny toeran'ny voafonja ary niakatra amin'ny toeran'ny mpitantana ara-toe-karenan'ny Ejypta. Izany dia noho ny fahefana nomen'Andriamanitra azy, satria izy dia nahay nanazava ny nofin'ny Mpanjaka tamin'izany fotoana izany.

Milaza ny boky masina kor'any hoe :

Dia hoy àry i Josefa**: "Hamboly mandritra ny fito taona manaraka ianareo. Izay rehetra jinjainareo, dia avelao amin'ny salohiny, afa-tsy izay kely ihany hohaninareo,**

**(Kor'any, Toko 12, And.47)**

**manaraka izany, dia ho tonga ny fito taona tsy fisiana (mosarena) izay handany ny rehetra voahangonareo ho azy, afa-tsy ny kely izay natokanareo (hatao voa famafy),**

**(Kor'any, Toko 12, And.48)**

**avy eo, dia ho tonga aorian'izany ny taona iray, izay hamonjena ny olona (amin'ny alalan'ny orana), ka handehanan'izy ireo, any amin'ny famiazamboankazo".**

**(Kor'any, Toko 12, And.49)**

Marihina fa tany amponja ny Mpaminany Josefa (as) no nilaza ireo fikasany rehefa izy nanazava tamin'ireo namany anankiroa tao amponja, fa tsy misy afa-tsy Andriamanitra tokana ihany no tompoina. Ireo gadra roa niaraka taminy anefa dia tsy nivaky loha loatra tamin'izany fa mila fotsiny hahafantatra ny dikan'ny nofin'izy ireo tsirairay avy. Nefa ny Mpaminany Josefa (as) dia tsy nanazava avy hatrany ireo nofy, fa nalefany aloha ny hafatra masina avy aminy :

**Ry namako roalahy ato an-tranomaizina! Iza no tsara indrindra, ireo tompo maromaro, sa Andriamanitra ilay Tokana, sady Mpifehy faratampony.**

**(Kor'any, Toko 12, And.39)**

**Izay tompoinareo ankoatra Azy, dia tsy inona fa anarana noforoninareo sy ireo razambenareo ihany. Tsy nampidinan'Andriamanitra porofo akory izany na kely aza. Fa an'Andriamanitra irery ihany ny fitsarana. Nodidiany tsy**

**hanompo afa-tsy Izy ianareo, toy izany no finoana Marina, nefa tsy mahafantatra izany ny ankamaroan'ny olombelona.**

**(Kor'any, Toko 12, And.40)**

Taorian'izany dia nazavainy tamin'izy ireo ny nofin'izy ireo. Tsy tokony hahagaga ny olona izany, satria ireo fanomezana manokana na ireo fahagagana izay nomen'Andriamanitra ireo Mpaminany dia fomba ho entina hahatongavana amin'ny tanjona fa tsy tanjona. Satria ny tena tanjon'ireo Mpaminany rehetra dia ny hanamafy fa tsy misy tokony ho tompoina afa-tsy Andriamanitra irery ihany, n'inona n'inona zavatra mitranga.

## b) Jesoa kristy (as) ilay Mpanompon'Andriamanitra

Raha mbola zaza menavava ny Mpaminany Jesoa kristy (as) dia nanao fahagagana avy amin'Andriamanitra, ka afaka nandefa hafatra tamin'ireo olona nanatrika teo Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny vavan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as). Tsy isalasalana fa zava-dehibe izany hafatra izany matoa Andriamanitra nanao ity zaza menavava ity hamoaka izany resaka izany. Namoaka fehezan-teny ny Mpaminany Jesoa kristy (as) milaza fa izy dia mpanompon'Andriamanitra.

Ary ny kor'any dia milaza mikasika izany ao amin'ny sourat Maryam, andininy faha 30 manao hoe :

Fa hoy izy (zazakely):
**"Tenampanompon'Andriamanitra marina aho. Nanome ahy ny Boky Izy, ary nanendry ahy ho Mpaminany,**

**(Kor'any, Toko 19, And.30)**

Ary Andriamanitra ihany koa dia milaza ao amin'ny Toko faha 43, andininy faha 59 fa i Jesoa (as) dia mpanompon'Andriamanitra

**Mpanompo nofenoinay fahasoavana avy Aminay ihany izy (Jesoa), ary nataonay ohatra tamin'ireo zanak'Israely.**

**(Kor'any, Toko 43, And.59)**

Ary toy izany ihany koa no voalazan'Andriamanitra ao amin'ny Envajely, ao amin'ny Matio toko fahefatra manao hoe :

**10 –** Nilaza taminy i Jesoa hoe **: "mialà ianao ry Devoly! Satria voasoratra fa : hanompo ny Tompo Zanahary ianao, Ilay Andriamanitrao, ary Izy irery ihany no tompoinao."**

Ary i Jesoa Kristy (as) ihany koa dia nilaza araka ny voalaza ao amin'ny boky masina kor'any manao hoe :

**Hamafisina, fa Andriamanitra no Tompo Zanahariko sy Tompo Zanaharinareo. Ka aoka ianareo hanompo Azy, izany no làlana mahitsy.**

**(kor'any, Toko 3, And.51)**

Marihina fa ny teny hoe mpanompo dia milaza fahambaniana amin'ny akampobeny, ka ny olona tia fahamboniana dia tsy tia atao mpanompo tsotra amin'izao, fa mila toerana ambony noho izany. Fa ny endrika tokana izay azo handraisana ny fanompoana sy ny fikarakarana ho asa soa, dia rehefa amin'ny fikarakarana ny olo-tiana. Satria ho an'ny olona raiki-pitia, raha tena tia marina izy dia lasa voninahitra ho azy ny fikarakarana ny olo-tiany; ary ny fanaovany izany fanompoana sy fikarakarana izany dia mampiseho marina amin'ilay olo-tiany ny tena fitiavany. Ka ny finoana dia tsara ampatsiahivina fa, fitiavan'ny zavaboahary ny Mpahary azy. Andriamanitra dia nilaza amin'ny olombelona mba hankato Azy, satria tiaNy hahazo hatsarana ny olona rehetra. Ka ny mpankato an'Andriamanitra dia izay tia Azy ihany. Ka ireo mpanompon'Andriamanitra dia ho eo ambany fiarovan'Ilay Mpahary ety ambonin'ny tany, ary hahazo toerana tsara any an-koatra.
Ka raha ohatra ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) nilaza fa mpanompon'Andriamanitra izy, dia midika izany fa tia an'Andriamanitra izy, vonona ny hanolotena ho Azy, ary voninahitra lehibe ho azy ny manompo an'Andriamanitra.

Milaza ny boky masina kor'any hoe :

**Tariho ho amin'ny finoana an'Andriamanitra tokana ny tenanao manontolo, fa izany no toetra efa nomen'Andriamanitra ny olombelona (hatramin'izay). Tsy misy fanovana amin'ny fahariana nataon'Andriamanitra. Izany no finoana mahitsy, saingy tsy fantatry ny ankamaroan'ny olona.**

**(kor'any, Toko 30, And.30)**

Ka ny olombelona tsirairay dia manana karazana fihetseham-po mampifandray azy amin'Andriamanitra ary manosika azy hahafantatra bebe kokoa Ilay Mpahary azy. Izany fihetseham-po izany dia efa ao anatin'ny olombelona, miraikitra lalina ao anatin'ny olona tsirairay. Ka indraindray ny toerana, ny fianakaviana ary ny fiaraha-monina izay nitomboan'ny olona tsirairay no mitarika azy hampisongadina izany fihetseham-po izany, nefa matetika, dia lasa lefy izany noho ireo tsangan-kevitra isan-karazany, sy ireo lalàna ary fomba izay manery azy. Misy aza ny sasany no mandà fa tsy noharian'Andriamanitra.

Ireo Mpaminany (as) dia nalefa ho an'ny olombelona, ary izy ireo dia tsy mamboly ao anatin'ny tsirairay ny fitiavana an'Andriamanitra, fa mamoha izany fitiavana sy fihetseham-po izany, izay efa lefy tao anatin'ny olona. Izany indrindra no nahatonga an'ny Imam Ali (as), ilay mpandimby ny Mpaminany Mohammad (saw), hilaza ao amin'ny bokiny (Nahjoul-balagha), amin'ny toriteny laharana 1, fa ireo Mpaminany dia

mamoha indray ny finoana izay natory tao anatin'ny tsirairay.

Nandritra ny fiainany, ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nivavaka sy nifehy noho ny fitiavany Ilay Mpahary azy. Ary izany dia voalaza ihany koa ao amin'ny Evanjely.

Toy izao no voalazan'ny Evanjely, ao amin'i Matio Toko fahefatra :

**2-Rehefa avy nifehy nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina izy, dia nahatsapa hanoanana.**

Toko faha 14 :

**23. Rehefa noroahany izy, dia niakatra teny antendrombohitra, mba hivavaka miataka lavitra, ka rehefa tonga ny alina dia nijanona irery teo izy.**

Toko faha 17 :

**18. Niresaka hentitra tamin'ilay devoly i Jesoa, izay nivoaka avy tao amin'ilay zaza, ka sitrana avy hatrany izy.**
**19.Nanatona an'i Jesoa ireo mpianany, ka nilaza taminy manokana hoe : fa maninona isika no tsy afaka nandroaka io devoly io?**
**20. Nilaza tamin'izy ireo i Jesoa hoe : noho ny tsy finoanareo no mahatonga izany. Milaza marina aminareo aho fa raha manam-pinoana mitovy amin'ny voatsinapy iray ianareo, ka hilaza**

**amin'ity tendrombohitra ity hoe : mandehanà miala eto mankery ianao, dia handeha tokoa izy, tsy misy zavatra tsy ho vitanareo.**
**21.fa ny devoly tahaka itony dia tsy miala raha tsy amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifehezana**.

Ny Evanjely araka ny voalazan'i Marka, dia milaza toy izao, ao amin'ny toko 1 :

**35. Maraina somary mbola tena maizina ny andro, dia nitsangana izy, ary nivoaka ho any amin'ny tany efitra, toerana hivavahany.**

Ary amin'ny Toko faha 9 :

**28. Rehefa niditra tao amin'ilay trano i Jesoa (as), dia nanontany azy manokana ireo mpianany hoe : fa maninona isika no tsy afaka nandroaka io fanahy io?**
**29. Nilaza tamin'izy ireo izy hoe : io karazana fanahy io dia tsy afaka esorina raha tsy amin'ny alalan'ny vavaka.**

Araka ny Evanjely izay voalaza ao amin'i Lioka, toko faha 9, dia mitatitra fa i Jesoa kristy (as) dia nivavaka irery :

**18.Indray andro rehefa nivavaka i Jesoa niataka ny tanana, ary niaraka taminy ireo mpianany, dia nametraka fanontaniana tamin'izy ireo izy : "Iza no filazanareo ahy ?"**

Eto amin'ny farany, dia hitantsika fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia tena Mpanompon'Andriamanitra tokoa, satria nivavaka izy ary nifehy mba hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra, sy mba ho afaka hanasitrana ireo marary araka ny sitrapon'Andriamanitra.

## d) Jesoa Kristy (as) Ilay Mpaminany

## 1-Ireo ambaratonga samihafa amin'ny faminaniana : Mpaminany, Iraka na Iraka mafy sy hentitra

Ny Mpaminany Mohamad (saw) dia nilaza tamin'i Abou Zhar fa teo amin'ny tantara dia nisy Mpaminany miisa 124 000, ka ny 313 tamin'izy ireo no Iraka.

Ary fanampin'izany, ao amin'ny boky masina kor'any, dia voalaza mazava fa ireo Iraka mafy sy hentitra dia miisa dimy.

**Raha nandray ny faneken'izy ireo avy amin'ireo Mpaminany Izahay, toy izany koa ny avy aminao, tamin'i Noa, Abrahama, Mosesy sy Jesoa zanak'i Maria; dia noraisinay tamin'izy ireo tamin'ny fomba hentitra tokoa izany fanekena izany,**

**(Kor'any, Toko 33, And.07)**

Ka araka izany dia ny Mpaminany Mohamad (saw), Noa (as), Abrahama (as), Mosesy (as), ary Jesoa Kristy (as) izy ireo.
Inona ary ny tsy fitoviana eo amin'ireo ambaratonga telo amin'ny faminaniana ?

Ny Mpaminany dia mahazo fanambarana amin'ny alalan'ny nofy, henony ny feon'ny fanambarana fa tsy hitany ny anjely. Fa ny Iraka dia mahazo fanambarana amin'ny alalan'ny nofy, maheno ny feon'ny fanambarana ary mahita ny anjely.

Fa ireo Iraka mafy sy hentitra kosa dia izy ireo no Mpaminany nanana andraikitra maro kokoa, ary izy ireo no nino voalohany indrindra an'Andriamanitra, ka nanamafy ny faminanian'ireo Mpaminany rehetra na ny talohany na ny taoriany. Nanana faharetana lehibe izy ireo manoloana ireo nanao azy ho mpandainga sy nampijaly azy.

Ireo Mpaminany sasany dia tsy tonga tamin'izany ambaratonga izany, sahala amin'ny ambaran'ny boky masina kor'any rehefa niteny toy izao izy mikasika ny Mpaminany Adam (as), izay nolazainy fa tsy tonga amin'ny ambaratongan'ireo Iraka hentitra sy mafy.

**Nampitandrina an'i Adama tokoa Izahay taloha, saingy adinony izany, ary tsy nahita fanapahan-kevitra hentitra tao aminy Izahay.**

**(Kor'any, Toko 20, And.115)**

## 2-Jesoa Kristy (as) : Mpaminany, Iraka sady Iraka hentitra sy mafy

Jesoa kristy (as), izay mbola zaza menavava, dia efa nanambara fa Mpaminany. Jaona-Baptiste (amin'ny hebreu : Yu-hanan, ary amin'ny arabo Yahia) (as) dia efa Mpaminany hatramin'ny mbola kely ihany koa.

Milaza ny kor'any hoe :

**Ry Yahya (Jaona)! Mifikira mafy amin'ny Boky (ny Taoraty)". Nomenay ny fahendrena izy, fony mbola zaza,**

**(Kor'any, Toko 19, And.12)**

Ka hitantsika araka izany fa ny Mpaminany Jaona-Baptiste dia efa nomena andraikitra amin'ny Boky masina sy ny fahalalana faratampony nefa mbola zaza. Jesoa Kristy ihany koa dia Iraka, milaza ny boky masina kor'any hoe :

**Fa rehefa niteny i Jesoa zanak'i Maria hoe: "Ry zanak'Israely! Irak'Andriamanitra ho anareo tokoa aho, manamarina izay teo alohako ao amin'ny Taoraty, sady mpilaza mialoha ilay Iraka ho avy aoriako, antsoina hoe "Ahmad". Ka rehefa ho tonga eo amin'izy ireo miaraka amin'ny porofo mazava izy, dia hoy izy ireo: "Izany no majika miharihary".**

**(Kor'any, Toko 61, And.6)**

Araka ny voalaza tamin'ireo fanambarana teo aloha, dia fantatra fa i Jesoa Kristy dia anisan'ny iray amin'ireo Iraka lehibe, mafy sy hentitra. Hamafisina anefa fa tsy ho tonga amin'ny ambaratongan'ny Iraka hentitra sy mafy ny olona iray raha tsy efa Mpaminany sy Iraka. Ka hitantsika fa matetika ny kor'any no mamerimberina ny toerana nomen'Andriamanitra an'i Jesoa Kristy (as)

## e) Jesoa Kristy (as) Ilay nosoavina

Amin'ny teny arabo, ny kor'any dia mampiasa ny teny "Moubarak", izany teny izany dia azo adika hoe "fahasoavana, voahasina", izany hoe, ny fitomboan'ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ilay olona voalaza amin'ny toerana izay misy azy.

Ny tsirairay dia maniry ny hampiantrano olona any aminy, raha ohatra ka hamela tsiahy tsara ho azy ny fandalovan'izany olona izany. Izany tsiahy tsara izany dia mety ho ranomanitra tsara, taratasy mahafinaritra, ohabolana tsara, na mety ho vola ihany koa.
Ka raha ohatra izany vahiny izany nampianatra azy fahalalana mahasoa, ohatra ny fomba atao mba hanatsarana ny toe-karenan'ny firenena, na fomba atao mba hanasitranana ireo marary sy ireo areti-mifindra mandrava dia ho hitanao fa vao maika ho faly izy ireo. Ka ahoana ary, ho an'ny olona iray izay tonga nivahiny tany amin'ny olona iray hafa, mba hampianatra azy ny fomba hiala amin'ny haizina

mangitsokitsoka ho any amin'ny hazavan'ireo hazavana? Fampianarana ny lalana tokony aleha mba hahazoana fahasambarana amin'ilay fiainana any an-koatra, sy mba hahafantatra ny tena fahavalony marina izay tokony ho tandremany fatratra.
Inona no hafatra sy fanambarana tsara indrindra? Moa ve tsy ny fiainana mandrakizay no manan-danja kokoa noho ny fiainana an-tany miafara amin'ny fahafatesana ho an'izay mandefa ny fisainany?
Ka araka izany dia nanambara i Jesoa Kristy (as) fa feno hasoavana sy voahasina izy, avy amin'Andriamanitra, satria Andriamanitra irery ihany no afaka manome hasoavana sy hasina ny olona. Nahazo hasoavana amin'ny lafiny maro i Jesoa Kristy (as); afaka nanasitrana ireo marary mafy izy, nikarakara ireo mahantra, nampianatra ireo Apôstôly, ary ny zava-dehibe indrindra dia ny fanoroany ny lalana mahitsy mitondra amin'ny fahatafitana any an-koatra. Nampirisika ny olona amin'ny fanatanterahana vavaka fanompoana izy, sy amin'ny famoahana harena fiantrana, ary amin'ny fananana toetra mendrika sy ny tsy fanompoana zavatra hafa ankoatran'Andriamanitra.

Milaza ny boky masina kor'any :

**na aiza na aiza misy ahy, dia nohamasininy aho, ary nandidy ahy hanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) sy ny harena fiantrana (zakat) Izy, raha mbola velona aho,**

**(Kor'any, Toko 19, And.31)**

Ny olona, arakaraky ny hery ananany, dia tokony hanao ezaka araka izay vitany mba hankasitrahany an'Andriamanitra araka izay takiany aminy. Ka amin'izay fotoana izay, ny olona izay tsy maintsy ho faty, dia hahazo fahasoavana amin'ny toerana izay misy azy, ary hahavita hiezaka hamela tantara tsara amin'ny toerana izay nandalovany. Izany dia fahasoavana natolotr'Andriamanitra ny olona tsirairay, izany hoe, mamboly sy manao asa soa amin'ny fiainana ety an-tany mba hijinja ny valisoan'izany amin'ny fiainana any an-koatra.

## f) Ny hatsaran-toetran'i Jesoa Kristy (as) manoloana ny Reniny

Ny fifandraisana nisy teo amin'ireo zanak'Israely dia voalaza amin'ny antsipirihany ao amin'ny boky masina kor'any.
Milaza ny kor'any hoe :

**Ary tsarovinareo, rehefa noraisinay ny fanekena nataon'ny zanak'Israely: "Aoka ianareo tsy hanompo afa-tsy Andriamanitra, ary hanasoa ny Ray aman-dReny; ireo fianakaviana akaiky; ireo kamboty; ary ireo mila fanampiana. Manaova teny soa amin'olona, tanterahonareo ny vavaka fanompoana (soalat) ary avoahy ny harena fiantrana (zakat)! Kanefa dia nivadika ianareo afa-tsy olom-bitsy ihany, ary nivily làlana ianareo.**

**(Kor'any, Toko 02, And.83)**

Ny boky masina kor'any dia nanomboka tamin'ny filazana fa tsy maintsy manompo an'Andriamanitra Tokana, avy eo notanisainy ireo zavatra hafa sasany tsy maintsy atao.
Ka ny fanaovan-tsoa amin'ireo Ray aman-dReny dia nolazainy avy hatrany taorian'ny tsy maintsy hanompo an'Andriamanitra, izany dia maneho fa tsy azo ialana izy io. Miverimberina matetika izany filazana izany ao anatin'ny boky masina kor'any.

**Aoka ianareo hanompo an'Andriamanitra, ary aza mampitambatra Azy amina zavatra hafa. Ary manasoava ihany koa ny Ray sy Reninareo ianareo, sy ireo havanareo akaiky, ireo kamboty, ireo mahantra, ireo mpifanolo-bodirindrina havanareo, ireo mpiara-monina lavitra anareo, ireo sakaiza tsy mahasaraka anareo, ireo mpandeha lavitra (lany vatsy), ary ireo mpanomponareo. Hamafisina, fa tsy tia ny mpisehoseho sy mpirehareha Andriamanitra,**

**(Kor'any, Toko 04, And.36)**

**Lazao hoe: "Manatona aty ianareo, fa ho tanisaiko aminareo izay nandraran'ny Tompo Zanahary anareo, fa hoe: "Aza mampitambatra Azy na amin'inona na amin'inona ianareo; ary aoka ianareo hanasoa ireo Ray sy Reninareo. Aza vonoina noho ny fahantrana ireo zanakareo, Izahay no miantoka ny anjaram-pivelomana ho azy ireo sy ho anareo ihany koa. Aza manakaiky**

**ny fahavetavetana (fijangajangana), na miseho na miafina izany. Aza vonoina raha tsy amim-pahamarinana ny aina izay nohamasinin'Andriamanitra. Izany no anatra nandidian'Andriamanitra anareo; mba hampieritreritra anareo.**

**(Kor'any, Toko 06, And.151)**

Fa namoaka didy ny Tomponao hoe: "**Aza manompo afa-tsy Izy ianareo, ary manaova ny tsara amin'ireo Ray aman-dReny, raha ny anankiray amin'izy ireo na izy roa no tratrantitra eo akaikinao, dia aza miteny velively amin'izy ireo hoe: "Eisy...", nefa aza atositosika izy ireo, fa manaova teny feno fanajana kosa ho azy ireo.**

**(Kor'any, Toko 17, And.23)**

Ka araka ireo andininy voalaza teo aloha ireo, dia mazava amintsika fa ny fanaovana ny tsara sy ny fanajana ireo Ray aman-dReny dia tsy maintsy ary lohalaharana. Ka noho izany, aorian'ny fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny hafa, dia anisan'ny fahotana lehibe ny faniratsirana ireo Ray aman-dReny. Satria ny fiitaran'ny fahotana toy izany dia mahatonga korontana ara-pianakaviana tsy tsara.

Fa maninona ny kor'any no manamafy amin'ny maha-zava-dehibe ny fanajana ireo Ray aman-dReny?

Ny tanjona tena irin'ny olombelona ho tratrarina dia ny ahitany fiadanana, ka mba hahatonga azy ho sambatra, dia tsy tokony ataony amin'ny hafa izay zavatra tsy tiany atao amin'ny tenany.

Ny antony tsy fisian'ny fanajana ireo Ray aman-dReny dia noho ny antony anankiroa amin'ny akampobeny : Voalohany, satria ireo Ray aman-dReny dia tsy tia manaja ireo zanany noho ny fananan'izy ireo fahefana amin'ireo ankizy, ary etsy andaniny, ny ankizy dia tsy mahita tombontsoa intsony amin'ireo Ray aman-dReniny, satria efa antitra izy ireo ankehitriny, tsy afaka manao na inona na inona.
Ka mba hisian'ny fifankahazoana, dia tokony maka ny toeran'ny Ray aman-dReny ireo ankizy. Raha ohatra ka tian'ny Ray aman-dReny hanaja azy ny zanany rehefa lehibe dia tokony efa nomeny haja hatramin'ny mbola kely. Ary raha ohatra ka iriny ny ho jeren'ny zanany rehefa antitra izy, dia tsy tokony nanilika ireo Ray aman-dReniny izy tamin'ny fahanteran'izy ireo.
Ka ny fanajana ireo Ray aman-dReny dia anisan'ny fanalahidin'ny fahasambarana, ary hahafahana manorina fiaraha-monina salama.

Hamafisina fa ireo Mpaminany, araka ny baikon'Andriamanitra, dia nampihatra ary nangataka tamin'ny olona mba hanaja ireo Ray aman-dReniny, ka toy izao no voalazan'i Jesoa Kristy (as) mikasika izany, raha mbola teo am-pandrian-jaza izy :

**na aiza na aiza misy ahy, dia nohamasininy aho, ary nandidy ahy hanatanteraka ny vavaka fanompoana (soalat) sy ny harena fiantrana (zakat) Izy, raha mbola velona aho,**

**(Kor'any, Toko 19, And.31)**

**ary koa ho tsara fanahy amin'ny Reniko. Tsy nataony mahery setra aho, na mampalahelo.**

**(Kor'any, Toko 19, And.32)**

## g) Jesoa kristy (as) mamiratra sy fanta-daza teo amin'ny tontolo anankiroa

"mamiratra sy fanta-daza" dia midika fa noeken'ny hafa ary nohajain'izy ireo.
Indraindray dia misy ny olona no mamiratra sy fanta-daza amin'ny fiainana ety ambonin'ny tany, misy indray ny fanta-daza amin'ny fiainana any an-koatra, ary misy ny mamiratra sy fanta-daza amin'izy roa ireo.

Ka ny resaka lazain'ireo olona manan-karena sy manam-pahaizana izay manana ny toerana maha izy azy ao anatin'ny fiaraha-monina dia hajain'ny olona sy eken'izy ireo; fa izany dia tsy midika hoe mitovy amin'izay koa ny any an-koatra.

Misy ireo Mpaminany (as) sasany izay tsy nalaza teo imason'ny olona nandritra ny fiainany, fa hamiratra sy halaza kosa any an-koatra. Halaintsika ohatra ny Mpaminany Mosesy (as) (amin'ny hebreu : Moche ben Amran, amin'ny arabo Moussa) izay toy izao no voalaza mikasika azy ao amin'ny boky masina kor'any:

**Ianareo mpino! Aoka ianareo tsy hanao toy izay nanao ratsy tamin'I Mosesy. Nodiovin'Andriamanitra tamin'ny fiampangana azy izy, satria mendrikaja teo anatrehan'Andriamanitra izy.**

**(Kor'any, Toko 33, And.69)**

Misy indray ny sasany no sady namiratra sy nalaza teto an-tany sy any an-koatra, ary ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia anisan'ny iray amin'izany, nanomboka fony mbola zaza menavava ka mandra-piakarany tany amin'ny Tompony, satria nahagaga ny olona izay nanodidina azy hatrany izy, tamin'ny fitondran-tena mendrika nasehony, sy ireo fahagagana maro ary ireo fanasitranana nataony tamin'ny alalan'ny tanany. Rehefa hiseho indray izy, dia mbola hamiratra sy halaza satria hametraka ny filaminana sy ny fahamarinana eto ambonin'ny tany. Hamafisina anefa fa ny Mpaminany rehetra dia hamiratra sy halaza avokoa any an-koatra.

Raha niteny ireo Anjely**: "Ry Maria ô! Lazaina marina aminao, fa Andriamanitra efa milaza vaovao mahafaly ho anao ny amin'ny Teny iray**

**avy Aminy, ny anarany atao hoe: Ilay "Mesia Jesoa" zanak'i Maria, mendrikaja ety an-tany sy any an-koatra, ary isan'ireo akaiky an'Andriamanitra.**

**(Kor'any, Toko 03, And.45)**

Ny mpino anefa dia tsy mikatsaka loatra ny halaza ety ambonin'ny tany, fa manana tanjona kosa ny hamiratra sy halaza amin'ny fiainana any an-koatra. Fahasoavana omen'Andriamanitra ny olona sasany ny laza ety an-tany raha ohatra ka ampiasain'ilay olona izany laza ananany izany mba hitarihana ny hafa amin'ny lalan'ny finoana. Fa raha tsy izany dia tsy ahatonga ny olona iray hahazo toerana ambony any an-koatra ny laza ety ambonin'ny tany.

## h) Jesoa Kristy (as), Ilay famantarana avy amin'Andriamanitra

Rehefa tian'Andriamanitra hamafisina ny maha-Mpaminany ilay olona izay nalefany, dia ampiarahany amin'izany olona izany ireo fahagagana mba handresy lahatra ny olona fa tena Irak'Andriamanitra marina izy.Ka ny Mpaminany rehetra dia nitondra fahagagana avokoa. Ny fahagagana voalohany niaraka tamin'I Jesoa Kristy (as) dia ny fahaterahany tsy nisy Ray. Ary ny fahagagana niaraka tamin'I Maria (as) dia izy nitoe-jaza nefa tsy nisy lehilahy nanatona azy akory.

Ka ireo fahagagana ataon'Andriamanitra dia famantarana fa manana Fahefana Izy.
Ka anisan'ireo famantarana roa maneho ny fahefan'Andriamanitra ny nampitoe-jaza an'I Maria (as) ary koa ny fahaterahan'I Jesoa Kristy (as) tsy nisy Ray.

Milaza ny boky masina Kor'any hoe :

**Dia nataonay ho fahagagana ny zanak'I Maria sy ny Reniny, ka nomenay fialofana tony tsara izy roroa, teny ambony havoana, sady misy loharano.**

**(Kor'any, Toko 23, And.50)**

**Ary ilay vehivavy izay nanaja ny fahadiovam-pitondrantenany (virijiny), ka notsofonay tao aminy ny fanahy avy Aminay, dia nataonay ho famantarana (fahagagana) ho an'izao tontolo izao, izy sy ny zanany.**

**(Kor'any, Toko 21, And.91)**

Milaza ny boky masina Kor'any fa tsy misy olona tokony hisalasala amin'izany famantarana izany, ny fahafantarana fa teraka tsy nisy Ray izy, satria I Adam (as) dia nohariana tsy nisy Ray, ary mihoatra izany, tsy nisy Reny.

**Hamafisina, fa Jesoa dia tahaka an'I Adama ihany eo anatrehan'Andriamanitra, izay namboariny**

**avy amin'ny tany, ary dia nolazainy hoe: "Misia!" dia nisy.**

**(Kor'any, Toko 03, And.59)**

Ny fahariana an'I Adam (as) dia voalaza amin'ny antsipirihany ao amin'ny boky masina kor'any :

**Ary raha niteny tamin'ireo Anjely ny Tomponao: "Hamboatra olona iray avy amin'ny tanimanga maina Aho, nalaina tamin'ny fotaka malemy,**

**(Kor'any, Toko 15, And.28)**

**ary raha vantany vao vitako tsara izy, ka nomeko fofon'aina avy Amiko, dia miantoraha ianareo, miankohofa eo anatrehany".**

**(Kor'any, Toko 15, And.29)**

## i) Jesoa Kristy (as) ohatra faka-tahaka ho an'ny olombelona rehetra

Efa namaky ny Sourat Maryam (as) ny Mpaminany Mohammad (saw) teo anahetrahan'ny vahoakan'ny Lameka. Ireo vahoakan'ny Lameka moa dia nanompo andriamanitra maromaro izay efa nataon'ny Razamben'izy ireo, ary nieritreritra izy ireo tamin'izany vanim-potoana izany fa i Jesoa Kristy (as)

no Andriamanitra hivavahan'ireo kristiana. Rehefa naheno ny "Sourat Maryam" ireo mpanompo sampy tao Lameka, dia feno fankahalana tokoa nandre ny fanajana nasehon'izany andininy izany mikasika an'i Jesoa Kristy (as). Ary ireo mpanompo sampy tao Lameka dia tsy nanome lanja loatra ny fanambaran'ny Kor'any masina izay milaza ny maha Mpanompon'Andriamanitra an'i Jesoa Kristy (as), fa izy dia tsy Andriamanitra.
Ka noho ny fahitan'izy ireo an'i Jesoa Kristy (as) ho Andriamanitry ny kristiana, dia nanjary nankahalain'izy ireo izy, satria milaza izy ireo fa ireo Andriamanitra hivavahany dia tsara noho i Jesoa Kristy (as). Izany dia maneho fa ireo mpanompo sampy dia tsy mila afa-tsy ny ampisy fifandirana mba hanoherana ny Mpaminany Mohammad (saw), satria izy ireo dia mifanditra aminy amin'ireo zavatra izay tsy voalaza ao amin'ny kor'any akory.
Ny boky masina kor'any manoloana ny resabe ataon'ireo mpanompo sampy dia manamafy fa i Jesoa Kristy (as) dia mpanompon'Andriamanitra, ary ohatra fakan-tahaka nalefa ho an'ireo zanak'Israely.

Milaza ny boky masina kor'any :

**Ary rehefa atao fanoharana ny mikasika ny zanak'i Maria, dia tsy miraharaha izany ny vahoakanao,**

**(Kor'any, Toko 43, And.57)**

ka miteny hoe**: "Ny andriamanitray va no tsara kokoa sa izy?". Hifandirana ihany no nanomezan'izy ireo izany ohatra izany taminao. Fa tena olona fatra mpifanditra izy ireo.**

**(Kor'any, Toko 43, And.58)**

**Mpanompo nofenoinay fahasoavana avy Aminay ihany izy (Jesoa), ary nataonay ohatra tamin'ireo zanak'Israely.**

**(Kor'any, Toko 43, And.59)**

## III-Ireo fahagagana noentin'i Jesoa Kristy (as)

### a)Mikasika ireo fahagagana

### 1)Fa nahoana no misy ireo fahagagana ?

Raha ohatra ka misy olona anankiroa miaina amin'ny tontolo iray itovizana, ary miady hevitra izy ireo mikasika izany tontolo izany, dia tsy mahagaga raha toa ka afaka mifankahazo izy roa, satria ny lamina ara-boajanahary misy amin'izany tontolo izany dia fantatr'izy roa izay manao ny adihevitra. Fa raha ohatra ka mikasika ny any an-koatra no hipetrahan'ny adihevitra, ary ny iray amin'izy ireo manana vaovao

homena momba izany, nefa ny andaniny tsy mbola naheno mikasika izany akory, dia mazava loatra fa ho gaga ilay tsy mahafantatra. Ka rehefa mandefa Mpaminany Andriamanitra mba hampafantatra ireo vahoakany mikasika ny fisian'ny fiainana any ankoatra, dia tsy alefany amin'izao fotsiny izy ireo, fa ampiarahany amin'ny fahagagana mba hahatonga ireo olona mihaino azy sy afaka hino azy hahatsapa fa olomarina sy madio izy.

Marihina fa ny ankamaroan'ireo Mpaminany dia nolazaina fa mpandainga avokoa, ary nolazaina fa mpamosavy ihany koa, nefa dia fahagagana no nataon'izy ireo.
Milaza ny boky masina kor'any :

**Toy izany, tsy nisy Iraka tonga tamin'ireo talohan'izy ireo, ka tsy nolazainy hoe: "Mpanao majika, na azon'ny devoly".**

**(Kor'any, Toko 51, And.52)**

Ireo mpihatsaravelatsihy no nampiely izany fanendrikendrehana izany, mba hahatonga ireo olona manodidina tsy hino ny Mpaminany, ary hanalavitra azy. Satria raha tsy izany, dia hahita ny fahagagana izy ireo ka hino ny fanambarana masina noentin'ireo Iraka. Ka raha tokony hino ny Mpaminany izy ireo, dia mifanohitra amin'izany, satria nolazain'izy ireo ho mpandainga sy mpamosavy ireo Iraka.

Toy izao no voalazan'ny boky masina Kor'any mikasika ireo fahagagana noentin'ny Mpaminany Mosesy (as) :

**Nalefanay tokoa i Mosesy, niaraka tamin'ireo famantarana avy Aminay, sy ireo porofo miharihary;**

**(Kor'any, Toko 40, And.23)**

**tamin'i Faraona, Hamàn sy Karona. Saingy hoy izy ireo: "Mpanao majika, fatra mpandainga!"**

**(Kor'any, Toko 40, And.24)**

Tonga niaraka tamin'ny fahagagana tokoa i Mosesy (as) saingy nataon'ny olona ho mpanao majika.

Amin'ny toko (sourat) hafa ao amin'ny kor'any, dia voalaza mazava fa i Faraona sy ireo loholony dia nino ny fahamarinan'ny fanambarana noentin'i Mosesy (as), saingy niezaka ny tsy hanaiky izany, noho ny fireharehana sy ny tsy rariny.

Amin'ny toko faha 27, andininy 13 sy 14, dia milaza ny boky masina kor'any hoe :

**Ary nony tonga tamin'izy ireo ny fahagagana nataonay, izay mazava, dia hoy izy ireo: "Majika miharihary tokoa ity".**

**(Kor'any, Toko 27, And.13)**

**Nolavin'izy ireo tsy amim-pahamarinana sy amim-piavonavonana izany, nefa tao anatin'izy ireo dia nino izany. Jereo àry ny fomba fiafaran'ireo mpanao ratsy.**

**(Kor'any, Toko 27, And.14)**

## 2) Fa nahoana ireo fahagagana noentin'ireo Mpaminany no tsy nitovy?

Arakaraky ny vanim-potoana, dia samy hafa ny zavatra andrasan'ny olona. Satria rehefa liana amin'ny zavatra iray ny vahoaka iray, dia amin'iny avokoa no hifantohan'ny fifaninanana.

Ity fanontaniana manaraka ity moa dia efa napetraka tamin'ny Imam fahavalo (Ar-Ridha "as") : Fa nahoana Andriamanitra no nandefa an'i Mosesy (as) niaraka tamin'ny fahagagana, tanana mamiratra sy tehina afaka miova bibilava, i Jesoa Kristy (as) izay afaka nanasitrana ireo marary, ary ny Mpaminany Mohammad (saw) izay nomena ireo teny mendrika farany tsara?

Namaly ny Imam fahavalo (as) ka nilaza izy fa ny Mpaminany Mosesy (as) dia nalefa tamin'ny vanim-potoana izay nanjakan'ny resaka majika; ka nomen'Andriamanitra hery sy fahefana izy mihoatra ny hafa rehetra. Ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia

nalefa tamin'ny vanim-potoana izay nampihanaka ireo karazana aretina; ka nomen'Andriamanitra fahefana izy, afaka manasitrana ireo marary, ary amin'ny fomba mahagaga tokoa.
Fa ny mikasika ny Mpaminany Mohammad (saw) indray kosa, dia nalefan'Andriamanitra izy tamin'ny vanim-potoana izay nampivoatra avo ny fahaiza-miteny sy ny poezia, ka nampidinin'Andriamanitra taminy ny boky masina izay feno fahendrena sy toro-lalana ambony lavitra mihoatra ireo fahaiza-miteny rehetra nananan'ny olombelona.

## b)Jesoa Kristy (as) miteny mbola eo am-pandrian-jaza

Milaza ny boky masina kor'any hoe :

**Raha niteny ireo Anjely: "Ry Maria ô! Lazaina marina aminao, fa Andriamanitra efa milaza vaovao mahafaly ho anao ny amin'ny Teny iray avy Aminy, ny anarany atao hoe: Ilay "Mesia Jesoa" zanak'i Maria, mendrikaja ety an-tany sy any an-koatra, ary isan'ireo akaiky an'Andriamanitra.**

**(Kor'any, Toko 03, And.45)**

**Ary hiteny amin'ireo olona izy raha mbola eo am-parafaran'ny fahazazàna, sy efa matotra feno taona, ary isan'ireo olona mendrika.**

**(Kor'any, Toko 03, And.46)**

Ka ny boky masina kor'any dia manazava amintsika fa i Jesoa Kristy (as) dia efa niteny teo am-parafaran'ny fahazazana sy izy efa feno taona. I Jesoa Kristy (as) izay afaka niteny sahady teo am-parafaran'ny fahazazana dia efa voazava ao anatin'ity boky ity, ary izany dia fahagagana avy amin'Andriamanitra mba hametrahana azy ho mpiaro ny Reniny. Mpiaro izay tsy afaka ho toherina amin'ny lafiny rehetra. Tamin'ny alalan'izany fahagagana izany no nahafahany niaro an'i Maria (as) sy nametraka indray ny Reniny amin'ny toerana madio sy ambony.

Fa eto dia misy fanontaniana mipetraka : Maninona no lazaina fa i Jesoa Kristy (as) dia niteny ihany koa tamin'izy efa matotra feno taona? Moa ve ny olona rehetra tsy afaka miteny avokoa rehefa matotra sy feno taona? Marihina fa izany fanambarana izany dia mitarika ny saintsika handinika fa ny tenin'i Jesoa Kristy (as) dia tsy mitovy amin'ny tenin'ny olo-tsotra, satria na ireo teny navoakany tamin'izy mbola zaza mena aza dia efa afaka niaro an'i Maria (as) tamin'ny fanesoana izay handratra ny fony, ka maika fa ny teny avoakany tamin'ny fahamatorany izay mazava loatra fa fahasoavana ho an'ny zanak'olombelona. Zavatra anankiroa no mety nitranga : na i Jesoa Kristy (as) nahatratra ny taonan'ny fahamatorana talohan'ny niakarany ho any amin'ny Tompony, na aorian'ny fiverenany ety an-tany no hahatrarany izany.
Fa raha araka ny fanazavana ny teny hoe "kahl" amin'ny teny arabo, dia ny taonan'ny fahamatorana izay eo ho eo amin'ny 34 taona eo no tiany ambara amin'izany. Ka izany taona izany dia mitovy amin'ny

taonan'i Jesoa Kristy (as) rehefa hiverina ety an-tany izy. Fiverenana izay hiaraka amin'ny trangan-javatra maro, anisan'izany ireo tenin'i Jesoa Kristy (as) izay manan-danja. Ka izany teny izany dia tsy inona fa fiantsoana ny olona hiverina amin'ny finoana.

## d) Jesoa Kristy (as), nahary, nanasitrana, nampitsangana ny maty, ary nampafantatra ireo zavatra miafina

Ireo fahagagana nataon'ireo Mpaminany (as) dia afaka dinihan'ny olombelona amin'ny fomba telo samy hafa.

Amin'ny fandinihana voalohany, ireo fahagagana ireo dia afaka raisina ho toy ny tanteraka tsy nila fahazoan-dalana mialoha tamin'Andriamanitra. Ka raha izany dia tsy nisy fahefan'Andriamanitra mihitsy tamin'ireo fahagagana ireo. Toy izany no fandinihan'ireo olona nanatrika satria tsy hitan'izy ireo mivantana ny fahefan'Andriamanitra niditra tao anatin'izany, fa noraisin'izy ireo avy amin'ilay Mpaminany manokana ny hery sy ny fahefana. Raha izany dia lasa Andriamanitra izy, satria manana fahefana mahagaga, ary ho lasa Andriamanitra ivavahana sy tompoin'ny olona.

Amin'ny fandinihana faharoa indray, dia raisina ho toy ny mpandainga sy mpanao majika ilay Mpaminany izay nitondra ilay fahagagana, satria

Andriamanitra irery ihany no manana fahefana afaka mahary sy mampitsangana ny maty, fa ny olombelona tsy afaka manana fahefana manao izany.

Amin'ny fandinihana fahatelo, dia mazava loatra fa Andriamanitra irery ihany no manana fahefana afaka mahary, manasitrana, mampitsangana ny maty, ary mahafantatra ny zava-miafina. Ka Andriamanitra dia afaka manome fahefana ny olona iray, na ny anjely iray izay nosafidiny. Fa ireo vavolombelona nanatrika ny fisehoan'ny fahagagana dia mieritreritra fa manana hery sy fahefana tafahoatra ilay olona nahavita fahagagana. Ka rehefa hazavainy amin'ny olona fa ireo hery sy fahefana izay ananany dia avy amin'Andriamanitra Ilay Tsitoha, dia ho fantatr'izy ireo fa Irak'Andriamanitra ilay olona nanao fahagagana. Hamafisina fa ilay olona mpanelanelana izay voafidin'Andriamanitra dia manana toerana ambony eo anatrehan'ilay Mpahary, ary tsy afaka manao fahagagana raha tsy nahazo alalana tamin'Andriamanitra.

Marihina fa ireo zavaboahary izay noharin'Andriamanitra ho antsika, dia maro amin'izy ireo no ilaintsika amin'ny fisiantsika, toy ny sakafo na ireo fanafody. Ka moa ve ho rasaintsika izy ireo ho toy ny antony tokana mahatonga antsika amin'izao toerana misy antsika izao?
Moa ve isika tokony hivavaka amin'ny sakafo na amin'ny fanafody ?
Mazava loatra fa ireny dia fitaovana maneho ny hery sy ny fahefan'Andriamanitra, fa Izy no tokony

hisaorana amin'ireo fahasoavana maro nomeny antsika olombelona.

Araka ny voalazan'ny boky masina kor'any, i Jesoa Kristy (as) dia nanana hery sy fahefana mahagaga tokoa mba hanaporofony ny maha Mpaminany azy. Ary amin'ity andininy voalaza etsy ambany ity, dia namafisina tsara, ary naverina in-droa fa ireo fahagagana noentin'i Jesoa Kristy (as) dia tontosa noho ny sitrapon'Andriamanitra.

**Ary Iraka ho amin'ny zanak'Israely izy, ka hilaza amin'izy ireo hoe: "Lazaiko marina fa tonga eto aminareo aho miaraka amin'ny porofo famantarana avy amin'ny Tompo Zanaharinareo. Fa izaho hamboatra ho anareo avy amin'ny fotaka natao endrika vorona, avy eo dia ho tsofiko izany; ary ho tonga vorona <u>noho ny herin'Andriamanitra</u>. Hampahiratra ny jamba aho, ary hanasitrana ny boka, hamelona ny maty <u>amin'ny</u> <u>herin'Andriamanitra</u> aho. Hampahafantatra anareo izay ho haninareo, sy izay hangoninareo any an-tokantranonareo ihany koa aho. Lazaiko marina aminareo, fa ao anatin'izany dia tena misy famantarana ho anareo, raha tena mpino tokoa ianareo,**

**(Kor'any, Toko 03, And.49)**

Ilay teny hoe "Bi'idhni-LLAH" dia midika noho ny alalana avy amin'Andriamanitra, ary izany dia voalaza

in-enina ambinifolo (16) ao amin'ny boky masina kor'any amin'ny toe-javatra samy hafa, ohatra :

Lazao azy ireo**: "Na iza na iza mitsangana ho fahavalon'i Gabriela (Jibril), dia tadidio, fa izy no nampidina ny Kor'any masina tao amponao, alalana avy amin'Andriamanitra; izay manamafy ny efa teo ampelatanany hatramin'izay sy tari-dàlana, ary koa vaovao mahafaly ho an'ireo mpino.**

**(Kor'any, Toko 02, And.97)**

Misy ohatra hafa ihany koa voalaza ao anatin'ny boky masina kor'any maneho fa ny zavatra rehetra izay mandalo ety ambonin'ny tany dia tsy tanteraka raha tsy nahazo alalana tamin'Andriamanitra. Eny fa na ny fahoriana na ny finoana dia tsy tanteraka raha tsy nahazo alalana tamin'Andriamanitra.

**Tsy misy loza mahazo ny olona, raha tsy alalana avy amin'Andriamanitra. Fa izay mino an'Andriamanitra, dia hitari-dàlana ny fony Izy. Mahalala ny zavatra rehetra Andriamanitra.**

**(Kor'any, Toko 64, And.11)**

**Tsy hino velively ny olona raha tsy alalana avy amin'Andriamanitra. Ary atokany ho an'ireo izay tsy mandinika ny sazy.**

**(Kor'any, Toko 10, And.100)**

Noho izany dia mipetraka ny fanontaniana hoe : "Nahoana ary no mbola misy ihany ny tsy rariny sy ireo asa ratsy, nefa tsy misy zavatra tanteraka raha tsy nahazo alalana tamin'Andriamanitra ?"

Mazava loatra aloha fa Tsitoha Ilay Andriamanitra Mpahary; tsy misy zavatra mitranga na antsitrapo na tsy antsitrapo raha tsy nahazo alalana avy Aminy. Ka ny fitrangan'ny zavatra iray izany, na ny tsy fisian'izany dia miankina amin'ny fanapahan-kevitry ny zavaboahary sy ny fanomezan-dalan'Ilay Mpahary. Nefa raha nisy asa ratsy anankiray tanteraka, nahazo alalana tamin'Andriamanitra, dia tsy midika akory izany fa faly tamin'izany Andriamanitra. Fa raha ny marina dia fitsapana sy fisedrana ho an'ny zavaboahary fotsiny ihany izy ireny, mba tsy hahafahan'izy ireo miala tsiny intsony amin'ny andro fitsarana farany. Izany hoe karazana safidy malalaka napetraka izy io, manoloana ny tsara sy ny ratsy.

Hamafisina fa izany fanontaniana izany dia efa napetraka im-betsaka, ary ireo Ahloul-bayt (fianakavian'ny Mpaminany) dia efa namaly mikasika izany. Ireo finoana hafa sy ireo sampam-pampianaram-pinoana sasany toy ny Mou'tazilat sy ny Acha'irat dia efa nanao fikarohana mafy mba hahafantarana ny antony mahatonga an'Andriamanitra manome alalana amin'ny zavatra rehetra izay atao, nefa ny zavatra sasany dia asa ratsy ary tsy rariny, ka izy ireo dia tsy nahita valiny mahafa-pô mikasika izany. Raha te-hahafantatra ny

antsipirihany, dia tsara miverina amin'ireo boky mikasika ny finoana.

Ary mba hamaranana izany, dia nitatitra ny Imam Al Bakir (as) fa i Jesoa Kristy (as) dia nilaza toy izao tamin'ireo zanak'Israely :

"Marina fa izaho dia tonga eto aminareo miaraka amin'ny famantarana avy amin'ny Tomponareo. Alaiko ny tanimanga ka ataoko manana endrika vorona ho anareo, avy eo tsofiko izany, ka noho ny alalana avy amin'Andriamanitra, dia lasa vorona tokoa. Manasitrana ny jamba hatramin'ny vao teraka aho, ary manasitrana ny boka..."

Nilaza ireo zanak'Israely manoloana izany fa majika no hitan'izy ireo. Avy eo dia hoy izy ireo : "omeo famantarana izahay mba hinoanay fa marina ny teninao." Namaly izy : "Raha lazaiko anareo ny zavatra hohaninareo sy ny zavatra angoninareo any an-tranonareo, dia moa ve hino ahy ianareo?" Namaly izy ireo hoe : Eny! Nanomboka nolazain'i Jesoa Kristy (as) ireo zavatra hohanin'ny tsirairay sy ireo zavatra sotroin'izy ireo any an-tranony, ary ireo zavatra halain'izy ireo ho azy manokana. Taorian'izany fanambarana nolazainy izany, dia nisy ireo nino azy ho Mpaminany, fa nisy kosa ireo tsy nanaiky.
Ka izay indrindra no mahatonga ity andininy faha 49 ao amin'ny kor'any masina ity, izay hita ao amin'ny toko fahatelo, mifarana amin'ny teny toy izao :

**...fa ao anatin'izany dia tena misy famantarana ho anareo, raha tena mpino tokoa ianareo,**

**(Kor'any, Toko 03, And.49)**

Satria i Jesoa Kristy (as) dia nanana fahefana afaka nahary, afaka nanasitrana, afaka nampitsangana ireo maty, dia nafangaron'ireo olona nanatrika izany ho mpanao majika izy. Noho ny fangatahan'izy ireo nefa mba hialan'ny fisalasalana ao aminy, dia nomen'Andriamanitra alalana ihany koa izy hahafantatra ireo zavatra miafina, mba handresena lahatra ireo izay mendrika ny hanam-pinoana.

## e)Ilay latabatra voahomana avy any an-danitra

Tsara ho fantatra aloha fa ireo mpanaradian'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia tsy voatery hitovy ny hamafin'ny finoan'izy ireo, ary nisy ny sasany no akaiky kokoa azy noho ny hafa. Ka ireo mpanaradia ireo dia naniry mba hahazo tombontsoa manokana amin'ny Mpaminanin'izy ireo, hahatsapany fa akaiky ny Mpaminany izy ireo. Nefa izy ireo efa nahazo tombontsoa manokana amin'ny fahafahany miditra ampahamorana mametraka fanontaniana sy mandeha lavitra miaraka aminy. Ka noho izany, dia izy ireo no nanana fotoana betsaka kokoa nahitana ireo fahagagana nataon'ny Mpaminany.
Amin'i Jesoa Kristy (as), dia apôstôly no fiantsoana ireo mpanaradia ireo. Teo amin'ny tantara, dia

fantatra fa ireo apôstôly dia nanatrika ireo fahagagana nataon'i Jesoa Kristy (as), toy ny fahariana vorona, fanasitranana ireo marary, nampitsangana ireo maty, ary ny fanambarana ireo zavatra hohanin'ny olona any an-tranony, sy ireo zavatra angoniny. Nefa na teo aza izany dia mbola nangataka fahagagana hafa izy ireo, izay amin'ny fomba mametraka olana ihany :

Tsarovinao ny fotoana izay nilazan'ireo Apôstôly hoe**: "Ry Jesoa zanak'i Maria! Afaka mampidina aminay sakafo an-databatra voahomana avy any an-danitra va ny Tompo Zanaharinao?".**

**(Kor'any, Toko 05, And.112)**

Hamifisina fa io fangatahana io dia fangatahana voatakona, ka olona voatokana ihany no voafaritra izany. Marihina fa izany fangatahana izany dia mety vokatry ny fisalasalana manoloana ny fahefan'Andriamanitra na manoloana an'i Jesoa Kristy (as), na mba te-hifaly sy hifety fotsiny no antony nanaovan'izy ireo ilay fangatahana fahagagana izay ho an'ny tombontsoan'izy ireo manokana.
Izay indrindra no antony nahatonga an'i Jesoa Kristy (as) nanambara ny tsy fankasitrahany ilay fangatahana :

**Dia hoy izy tamin'izy ireo: "Matahora an'Andriamanitra ianareo raha tena mpino tokoa".**

**(Kor'any, Toko 05, And.112)**

Taorian'izany dia nanazava avy hatrany ny fikasany ireo Apôstôly :

Dia hoy izy ireo**: "Te hihinana amin'izany izahay, mba hampitony ny fonay, ary hahafantaranay fa nilaza ny marina taminay tokoa ianao, ary vavolombelona amin'izany izahay".**

**(Kor'any, Toko 05, And.113)**

Ka araka ny valintenin'izy ireo, dia napetrany fa fomba iray mahaleo tena mba hampitony ny fony ny fihinana ilay sakafo, sy mba hinoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy (as), ary hijoroan'izy ireo vavolombelona manoloana ilay fahagagana fanampiny. Izany anefa tsy midika fa tsy manana finoana izy ireo, fa te-hampitony ny fony, izay resaka mitovy amin'ny efa nolazain'ny Mpaminany Abraham (as) (amin'ny hebreu: Avra'am, ary amin'ny arabo : Ibrahim).
Toy izao no voalaza ao amin'ny boky masina kor'any :

**Ary raha nangataka i Abrahama hoe: "Tompo Zanahariko ô! Asehoy ahy, tahaka ny ahoana no famelomanao indray ireo maty", dia hoy Andriamanitra namaly azy: "Moa tsy mino va ianao?". Dia hoy Abrahama: "Tsia! Tsy izany akory, fa mba hampitony ny foko". Ka dia hoy Andriamanitra: "Makà vorona efatra ianao ka tapatapaho, ary ametraho singany iray avy aminy isaky ny tendrombohitra; aorian'izany, dia antsoy**

**izy ireo, fa hilomay hanatona anao. Ary aoka ho fantatrao, fa Andriamanitra dia Tsitoha sy be fahendrena.**

**(Kor'any, Toko 02, And.260)**

Mikasika ny fanontaniana te-hahafantatra hoe, nahoana ny Mpaminany no mbola mila mampitony ny fony, dia valinteny anankiroa no nambaran'ny Imam Ar-Ridha (as). Ka ny valinteniny voalohany dia nambarany rehefa nisy olona iray nanontany hoe, moa ve tsy mafy orina tsara ny finoan'ny Mpaminany Abrahama (as) no nahatonga azy nanao izany fangatahana izany. Namaly ny Imam (as) : Tsia, fa nila zavatra fanampiny izy. Ny valim-panontaniana faharoa nolazainy momba io fanontaniana io ihany dia, Andriamanitra nanambara tamin'ny Mpaminany Abrahama (as), fa raha nisafidy mpanompo ho sakaiza manokana Andriamanitra, ary izany mpanompo izany nangataka Taminy mba hampitsangana ny maty, dia nomeNy alalany izy. Nisalasala ny Mpaminany Abrahama (as) hoe, mpanompo sakaizan'Andriamanitra manokana ve izy sa ahoana? Ka nangataka tamin'Andriamanitra izy ary noekeny ny fangatahany.

Ary mikasika ny fangatahan'ireo Apôstôly, dia noeken'i Jesoa Kristy (as), ka novalin'Andriamanitra ny fangatahan'i Jesoa Kristy (as), satria Izy tsy mandà ny fanirian'ny Mpaminaniny izay mamiratra voafidy. Saingy nametraka fepetra Andriamanitra, fa tsy tokony hiala amin'ny finoany intsony ireo Apôstôly,

raha ohatra ka tsy te-hiharan'ny sazy mamirifiry izy ireo, izay tsy mbola nisy nahazo izany teto amin'izao tontolo izao.

Manazava ny boky masina kor'any :

Hoy Jesoa zanak'i Maria**: "Ry Andriamanitra Tompo Zanaharinay ô! ampidino aminay ny sakafo an-databatra voahomana avy any andanitra!
Fety ho anay izany, ho an'ny voalohany sy ny farany aminay, ary ho porofo famantarana avy Aminao. Ka omeo anjaram-pivelomana izahay, fa Ianao no Mpizara tsara indrindra ny anjaram-pivelomana".**

**(Kor'any, Toko 05, And.114)**

**Dia niteny Andriamanitra hoe: "Eny, hampidiniko aminareo tokoa izany, fa izay tsy mino aminareo aorian'izany kosa, dia hofaiziko amin'ny famaizana izay mbola tsy namaizako na iza na iza tamin'izao tontolo izao".**

**(Kor'any, Toko 05, And.115)**

## D) Ireo Apôstôly

## I-Fa maninona ireo mpanara-dian'i Jesoa Kristy (as) no nantsoina hoe "Apôstôly" (Hawariyoun)

Raha ny momba ny famaritana ny teny hoe "Apôstôly", dia misy ireo sasany milaza fa "olona manao akanjo madio izy ireo." Misy ireo hafa milaza fa "olona mamerina ny hafotsin'ny lamba izy ireo", misy ihany koa no milaza fa "namana sakaizan'ny Mpaminany izy ireo."
Ary mbola misy ireo sasany hafa milaza fa izany anarana izany dia nomena azy ireo satria mazava mamirapiratra izy ireo, ka hita eny amin'izy ireo ny hazavana sy ny hatsarana.

Ny Imam Ar-Ridha (as) dia efa namaly izany fanontaniana izany, ka nilaza izy fa, nantsoin'ny olona toy izany ny anaran'izy ireo, satria rehefa manasa ny lambany izy ireo, dia haverin'izy ireo ny hafotsin'ilay lamba. Fa amintsika, dia fantatra fa nomena izany anarana izany izy ireo satria manadio ny fahotany sy ny fahotan'ny hafa amin'ny alalan'ny fanomezana toro-hevitra sy fiantsoana ny olona amin'ny finoana.

## II-Ireo Apôstôlin'i Jesoa Kristy (as) voalaza ao amin'ny boky masina kor'any

Ny Evanjely sy ny tenin'ny Imam Ar-Ridha (as) dia efa nilaza tamintsika fa miisa 12 ireo apôstôly. Maro ireo andininy ao amin'ny kor'any masina miresaka mikasika ireo apôstôly, fa andininy anankiroa ihany no horesahantsika ato amin'ity boky ity, izay maneho ny fahamendrehana sy ny fahamboniana ara-panahy nananan'ireo Apôstôly.

Na dia teo aza ireo fahagagana noentin'i Jesoa Kristy (as), ka vavolombelona amin'izany ireo zanak'Israely, ary nataon'i Jesoa Kristy (as) azo atao tsy voarara ny sasany amin'ireo zavatra izay nandrarana azy ireo teo aloha, namafisin'i Jesoa Kristy (as) ihany koa fa mitovy ny Andriamaniny sy ny Andriamanitr'izy ireo, nefa manoloana izany rehetra izany dia hitany fa tsy resy lahatra amin'ny teniny izy ireo. Nanontany ny olona ary i Jesoa Kristy (as) hoe : " Iza no mpanohana ahy amin'ny lalan'Andriamanitra ?". Tamin'izay fotoana izay dia namaly ireo Apôstôly fa izy ireo no mpanohana azy tsy isalasalana.

Milaza ny kor'any hoe :

**Ka rehefa nahatsapa ny tsy finoan'izy ireo i Jesoa, dia hoy izy: "Iza no hanampy ahy ho any amin'Andriamanitra"? Dia hoy ireo apôstôly: "Izahay no mpanampy izay rehetra an'Andriamanitra. Efa nino an'Andriamanitra**

**izahay. Ary aoka ianao ho vavolombelona fa izahay dia mpanolotena ho an'Andriamanitra.**

**(Kor'any, Toko 03, And.52)**

**Tompo Zanaharinay ô! Efa nino izay nampidininao izahay, ary nanaraka sy nankato ilay Iraka ihany koa. Koa soraty ho isan'ireo vavolombelona izahay".**

**(Kor'any, Toko 03, And.53)**

Ary ireo Apôstôly dia noraisina ho toy ny ohatra fakan-tahaka mihitsy araka voalazan'ny kor'any masina, mba hahatonga ireo mpino hizotra amin'ny lalan'Andriamanitra.

**Ianareo mpino! Aoka ianareo ho mpiandany amin'Andriamanitra, tahaka ny tenin'i Jesoa zanak'i Maria tamin'ireo apôsitôly hoe: "Iza no mpiandany amin'Andriamatra miaraka amiko?". Hoy ireo apôsitôly namaly: "Mpiandany amin'Andriamanitra izahay". Nino izany ny andiany tamin'ireo zanak'Israely, fa tsy nino izany kosa ny andiany hafa. Notohananay ireo mpino mba hanohitra ny fahavalony, ka nahazo fandresena izy ireo.**

**(Kor'any, Toko 61, And.14)**

## III- Ireo Apôstôly voalaza amin'ny hadith [(tenin'ny Mpaminany (saw) sy tenin'ireo Imamo roambinifolo (as)]

Misy hadith anankiray manazava fa ireo Apôstôly izay nanaraka an'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), rehefa noana izy ireo dia milaza aminy mialoha; ka nomen'i Jesoa (as) mofo izy ireo tamin'ny alalan'ny fikapohany ny tany tamin'ny tanany. Rehefa nangetaheta ihany koa izy ireo dia nilaza mialoha tamin'i Jesoa Kristy (as), ka mitovy amin'ny teo aloha ihany no nataony, satria nasainy namoaka rano ho azy ireo ny tany. Nilaza izy ireo hoe : "iza no mendrika kokoa noho isika! Rehefa noana izahay, dia Ianao no manome sakafo anay, rehefa mangetaheta izahay dia Ianao manome anay zava-pisotro. Vao maika mino anao izahay ary manaraka anao". Namaly azy ireo ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), fa izay olona miasa amin'ny tanany, ary mihinana izay azony dia mendrika kokoa noho izy ireo. Noho izany ary dia nanomboka niasa izy ireo, nanasa ireo lamban'olona.

Ka ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nanamafy fa ny apôstôly dia tokony farany mpanatanteraka ireo asa isan-karazany mihoatra amin'ny hafa, eny fa na dia amin'ireo asa mitaky ezaka mafy aza. Ka izay manam-paharetana sy manao ezaka mafy mba hitsinjovany ny olona mitovy aminy no akaiky indrindra an'Andriamanitra.
Amin'ny hadith hafa dia voalaza fa nampianatra ireo Apôstôly mba hanana fanetre-tena ny Mpaminany

Jesoa Kristy (as), amin'ny alalan'ny fanaovana asa miavaka. Ka indray andro i Jesoa Kristy (as) dia nangataka tamin'ireo Apôstôly mba hanao zavatra, namaly izy ireo fa ekena ny fangatahany. Nitsangana ary i Jesoa Kristy (as) mba hanasa ny tongotr'izy ireo, ka nilaza izy ireo fa andraikitray ny manao izany. Namaly izy hoe, ny manam-pahaizana dia manana adidy bebe kokoa amin'ny hafa. Notohizan'i Jesoa Kristy (as) ihany ny zavatra nataony sady nilaza tamin'izy ireo izy fa, tokony hanana fanetre-tena manoloana ny hafa, sahala amin'ny zavatra ataony amin'izy ireo, ary nolazainy fa amin'ny fanetre-tena no ahazoana fahendrena fa tsy amin'ny fireharehana, toy ny zava-maniry izay mitsiry amin'ny tany lemaka fa tsy amin'ny tendrombohitra.

## IV-Ny fahefana nananan'ireo Apôstôly

Noho ny baikon'Andriamanitra dia nandefa Apôstôly anankiroa ho any Antakya ny Mpaminany Jesoa Kristy (as). Tonga tany izy ireo, saingy nijanona ela, ary mbola tsy nihaona tamin'ny Mpanjaka. Indray andro dia nanomboka nanao antso nitarika ny olona ho any amin'Andriamanitra izy ireo, ary tsy tian'ny Mpanjaka ny zavatra nataon'izy ireo ka nogadrainy. Nokaravasina in-jato avy izy ireo, ary nolazaina fa mpandainga. Mba hiarovana azy ireo, dia nandefa ny iray tamin'ireo Apôstôliny ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), izay antsoina hoe Pierre (Pet'ros) handeha ho any Antakya. Tonga tany izy, ary niditra miafina tao an-tanana, niezaka nifandray tamin'ireo olona akaiky

ny Mpanjaka izy, ka nanjary lasa tian'izy ireo. Naheno ny momba azy ny Mpanjaka, ka nihaona taminy ary lasa tia azy ihany koa, sy nanome azy tombontsoa manokana.

Indray andro dia tonga tany amin'ny Mpanjaka i Pierre, ka nanontany azy raha nifanena tamina olona anankiroa nilaza fa nitondra hafatra, ary moa ve nalefany tany amponja izy ireo. Nanontany azy ihany koa i Pierre hoe, moa ve naheno ny resak'izy ireo izy mialohan'ny nanagadrany azy ireo. Namaly ny Mpanjaka fa marina tokoa izany, satria tsy naheno ny resak'izy ireo akory izy, fa noentin-katezerana fotsiny tamin'izay fotoana izay. Nangataka tamin'ny Mpanjaka i Pierre mba hampiantso ireo olona anankiroa ireo, ary hihaino izay hafatra hoentiny. Nanaiky izany ny Mpanjaka. Rehefa tonga izy ireo, dia nanontany ireo apôstôly roa i Pierre hoe, iza no naniraka anareo? Namaly izy ireo fa Andriamanitra no naniraka anay, Izy ilay Nahary ny zavatra rehetra ary tsy misy mikambana Aminy. Nangataka tamin'ireo apôstôly roalahy i Pierre mba hamariparitan'izy ireo fohifohy ny momba ny Tompon'izy ireo. Nilaza izy ireo : "Manao izay Tiany Izy, ary mitsara araka izay Tiany."
Nanontany azy ireo i Pierre hoe, inona ny famantarana avy amin'Andriamanitra azon'izy ireo haseho. Nilaza izy ireo : "izay rehetra tadiavinao." Nitondra olona jamba ilay mpanjaka ka nangataka tamin'izy ireo mba ho averiny indray ny fahitany. Ka taorian'ny fitalahoana nataon'izy ireo dia niverina nahita ilay jamba. Nangataka tamin'ny Mpanjaka i

Pierre hoe : "Maninona tsy mangataka amin'ny Tomponao ianao hanao mitovy amin'izany, mba hahatonga anao sy ny Tomponao hahazo voninahitra mitovy amin'izany?" Namaly izy fa ny Tompony raha ny marina dia tsy mahita, tsy mandre, ary tsy manao na ny tsara na ny ratsy.
Nilaza ny Mpanjaka tamin'ireo apôstôly roalahy fa raha mahavita mampitsangana ny maty ny Tompon'izy ireo, dia hino azy ireo izy. Namaly avy hatrany izy ireo fa ny Tompon'izy ireo dia manana ny fahefana rehetra. Nilaza ary ny Mpanjaka fa misy fatin'olona teo izay efa ho fito andro izay, ny vatany dia efa manomboka mamoaka fofona sy miova loka. Nanao fitalahoana teo anatrehan'ny olona maro ireto apôstôly roalahy ireto, ary i Pierre koa nanao, fa nataony miafina. Tampoka teo dia nitsangana ilay maty ary niteny : "Maty tokoa aho teo, ary ny fito andro dia nandalovako tamin'ireo lohasaha fito feno afo. Mampitandrina anareo aho amin'ireo vokadratsin'ny lalana izoranareo. Minoa an'Andriamanitra ianareo. Hitako ireo varavaran'ny lanitra misokatra, ka nijery aho, ary nahita lehilahy tanora iray tsara endrika nanao fangatahana ho an'ny olona anankitelo." Nanontany ny Mpanjaka, iza ireo olona anankitelo resahiny ireo? namaly izy fa ireto olona roa ireto izany (notondroiny ireo apôstôly roalahy) ary koa i Pierre. Gaga tamin'ny resaka nolazainy ny Mpanjaka. Hitan'i Pierre fa tohina ny fon'ny Mpanjaka nahita ny zava-nitranga, ka nararaotiny nantsoina hanaraka ny finoana. Mazava loatra fa nino ny Mpanjaka, saingy ireo sasany kosa mbola tsy nino.

Marihina fa ireo apôstôly roalahy dia tsy niala mihitsy tamin'ny finoany na dia teo aza ny fampijaliana, ary Andriamanitra, na dia hapetrany amin'ny toerana sarotra aza ny mpanompony indraindray, dia homeny valisoa ihany ny faharetany aty aoriana. Fanampin'izany, araka ity zava-nitranga ity, dia mazava amintsika fa n'iza n'iza olona, ary na ahoana ny hamafin'ny fikomiany amin'ny finoana, dia azo antenaina hatrany ny hahavoatari-dalana azy noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Ary ny hatezerana dia anisan'ny zavatra iray manakana sy manalavitra ny olona iray amin'ny lalan'ny fahitsiana, satria izany fahadisoana izany ohatra dia nanakana ny Mpanjaka tsy nihaino ny tenin'ireo apôstôly roalahy, ka tsy voatari-dalana. Fanampin'izany, ilaina ny mahazo sy mahafantatra ireo fomba fijery samihafa, ary izany na dia tsy mitovy aza ny fomba fijerintsika, satria mety miorina amin'ireo hevitra heno sy voaray fotsiny ny fomba fijerintsika. Ka ny toe-tsaina mivelatra sy misokatra dia mitarika antsika amin'ny lalana izay ahitantsika tombontsoa eto an-tany sy any an-koatra. Toy izao no voalazan'ny kor'any masina mikasika izany :

**"ireo izay mihaino ny teny, ka manaraka izay tsara indrindra amin'izany, dia izy ireny no tarihin'Andriamanitra làlana, fa manan-tsaina izy ireny."**

**(Kor'any, Toko 39, And.18)**

Tsara marihina amin'ny teboka farany fa mba hanana finoana marina dia tokony manadio fo aloha amin'ireo zavatra izay manentsina azy, toy ny fampitambarana an'Andriamanitra amin'ny hafa, ny fanompoana ireo sampy, ny tsy finoana sns…mba hahafahany manazava ny fony amin'ny hazavan'ny finoana. Ny finoana no zavatra farany hirian'ny fo sy tena andrasany, matanjaka sy miadana izy ary mitombo fiadanana amin'ny alalan'ny finoana. Izany indrindra no fomba nampiasain'i Pierre tamin'ny mpanjaka, nataony tsapany ny fahalemen'ny tompo izay ivavahany, alohan'ny nampanandramany azy ny fahafinaretan'ny finoana.

Ny Mpaminany Abraham (as) dia nampiasa ihany koa izany fomba izany, satria nanontany ireo vahoaka izy izay nanompo sarimivongana isan-karazany, raha ohatra ka maheno izy ireo…

Manamafy mikasika izany ny boky masina kor'any :

**Ary tantarao amin'izy ireo ny tantaran'I Abrahama, (Kor'any, Toko 26, And.69)**

**rehefa niteny tamin'ny Rainy, sy ny vahoakany izy hoe: "Inona no tompoinareo?". (Kor'any, Toko 26, And.70)**

**Dia hoy izy ireo namaly: "Manompo ireo sampy izahay, ary miraiki-po amin'izy ireo". (Kor'any, Toko 26, And.71)**

**Ka hoy izy: "Mandre anareo va izy ireo, rehefa antsoinareo? (Kor'any, Toko 26, And.72)**

**Sa manome tombontsoa anareo, na manisy ratsy anareo?". (kor'any, Toko 26, And.73)**

**Dia hoy izy ireo: "Tsia, fa hitanay nanao toy izany ireo razambenay". (Kor'any, Toko 26, And.74)**

Rehefa tafajanona irery ny Mpaminany Abrahama (as), dia nanomboka nopotehiny ireo sarimivongana teo amin'ny toeram-panompon'izy ireo afa-tsy ilay lehibe indrindra. Nataony niantona teo amin'ny vozon'ilay sarimivongana ny famaky izay nampiasainy tamin'ny fanapotehana azy ireo. Rehefa niverina ireo vahoaka tamin'izay fotoana izay, dia nahatsikaritra ny fahapotehana, ary nanendrikendrika ny Mpaminany Abrahama (as) izy ireo. Namaly azy ireo ny Mpaminany (as) hoe :

**Ka hoy izy: "Ity lehibe indrindra amin'izy ireo ity no nahavita izany, koa anontanianareo izy ireo raha afaka miteny". (Kor'any, Toko 21, And.63)**

**Niverina tamin'ny tenany izy ireo, ary samy nilaza hoe: "Marina fa ianareo no tena mpanao ny tsy rariny". (Kor'any, Toko 21, And.64)**

**Avy eo, dia niondrika izy ireo (ary nilaza tamin'i Abrahama hoe):**
**"Fantatrao tsara, fa tsy miteny izy ireto". (Kor'any, Toko 21, And.65)**

**Hoy izy: "Hanompo hafa ankoatra an'Andriamanitra va ianareo, izay tsy afaka hanao soa na hanao ratsy aminareo?". (Kor'any, Toko 21, And.66)**

**Eisy! Ho anareo, sy izay tompoinareo ankoatra an'Andriamanitra, moa tsy mandinika va ianareo? (Kor'any, Toko 21, And.67)**

Marihina fa ny Mpaminany Abraham (as) mihitsy no nanapotika ireo sarimivongana, ary rehefa nanontanian'izy ireo izy, raha ohatra ka izy no nahavita izany, dia namaly izy fa ilay sarimivongana lehibe indrindra no nahavita izany. Nilaza tamin'izy ireo izy mba hanontany ireo sarimivongana nopotehina raha ohatra ka afaka miteny izy ireo. Araka izany dia nanendrikendrika ireo sarimivongana ny Mpaminany Abraham (as) tamin'ny fomba maneso mba hampafantariny azy ireo ny adalan'izy ireo amin'ny fanompoany ireo sarimivongana izay tsy miteny.

Fanampin'izany dia nosoritan'ny Mpaminany Abrahama (as) tsara : "…raha afaka miteny." Mazava loatra fa tsy miteny izy ireo. Ireo mpanompo sampy dia tsy afaka hanontany ireo sarimivongana voapotipotika mba hahafantarana raha ohatra ka ilay sarimivongana lehibe no nanao izany. Ka tsy ilay sarimivongana lehibe izany no meloka.

Izany fomba izany dia manaitra ny mpihaino ary tsy anisan'ny lainga, satria ireo Mpaminany (as) dia mazava loatra fa tsy mandainga.
Mitovy ny fomba nataon'i Pierre sy ny fomba nataon'ny Mpaminany Abraham (as), fa i Pierre nampiasa izany taty aoriana, amin'ny fanapotehana ireo foto-pinoana diso sy lainga izay efa tafiditra lalina ao ampon'ny hafa mba hitarihana azy amin'ny lalana mahitsy. Ary raha tsy noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia tsy hisy olona voatari-dalana mihitsy.

Milaza ny boky masina Kor'any :

**Tsy misy fanerena ny amin'ny fivavahana! Fa efa miavaka tsara amin'ny fahaverezana ny fahitsiana. Ka izay mitsipaka ireo mpihoa-pefy (satana, sampy, hevi-dratsy) ary mino an'Andriamanitra, dia tahaka ny namikitra tamin'ny tahon-javatra mafy izay tsy ho tapaka velively. Ary Andriamanitra no Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra.**

**(Kor'any, Toko 2, And.256)**

## V-Ny tena harena sarobidy

Nandeha lavitra ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ary niaraka tamin'ny sasany tamin'ireo apôstôliny. Nandalo akaikina tanana iray izy ireo, izay misy harena sarobidy, ka nangataka tamin'ny Mpaminany

Jesoa Kristy (as) ireo apôstôly raha afaka mijanona izy ireo mba hahatonga ny harena sarobidy ho lasany. Namaly azy ireo ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ary nilaza fa afaka mijanona izy ireo, saingy izy kosa handeha hiditra ao an-tanana mba hitady ny tena harena sarobidy.

Nandeha nitety ny tanana izy ary nahita trano iray efa rava. Niditra tao izy ary nahita vehivavy iray efa antitra. Nanontany ity vehivavy ity izy hoe : "Izaho no vahininareo androany hariva, misy olona hafa ve ato amin'ity trano ity?". Namaly ilay vehivavy antitra : "Eny, manana zanakalahy iray aho, efa maty ny Rainy. Mitady arintany (charbon) any amin'ny tany efitra izy mba ho amidiny aty an-tanana atao foto-pivelomana." Avy eo dia nitsangana izy mba hanomana toerana ao an-trano ahafahan'ny vahiny miala sasatra. Rehefa tonga ny zanany lahy dia nampahafantatra azy ny Reniny fa Andriamanitra dia nandefa vahiny tia vavaka vontom-pinoana ao amin'izy ireo, manana endrika mamirapiratra noho ny fitiavam-bavaka sy ny fifehezan-tena ananany. Nangataka tamin'ny zanany lahy ity vehivavy ity hanaraka ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), mba ho lasa mpanaradia azy sy ho mpikarakara azy. Lasa nikarakara azy ny zanany lahy. Ny alina manaraka dia nila ahafantatra misimisy kokoa ilay tanora lehilahy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka nametraka fanontaniana vitsivitsy momba ny fiainana sy ny fidiram-bolany. Tamin'ny alalan'ny fifampiresahan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) tamin'ity lehilahy ity dia fantany fa kinga saina izy ary mahavita zavatra. Araka ny fahitan'i Jesoa Kristy (as)

azy dia olona afaka manatsara ny ara-panahiny ity lehilahy ity, saingy tsapany fa misy fijaliana lehibe manahirana ny fony. Nanontany ity lehilahy ity ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mikasika ny zavatra manahirana ny fony, sao hoy izy misy fomba hanasitranana izany. Nilaza izy : "Eny! Mijaly tokoa ny foko, mety tsy misy mahasitrana azy afa-tsy Andriamanitra irery ihany." Namaly azy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hoe : "Lazao ahy ny momba izany, mety ho ambaran'Andriamanitra amiko ny fanasitranana anao." Nilaza ilay lehilahy, fa indray andro, nitondra arintany (charbon) izy ho entiny any an-tanana ka nandalo teo akaikin'ny lapan'ny zanakavavin'ny mpanjaka. Nijery tany amin'ilay lapa izy ary nahita tampoka ny zanakavavin'ny mpanjaka, ka lasa raiki-pitiavana lalina tamin'ilay vehivavy, ary izany fitiavana izany dia mitombo isan'andro, ary tsy mahita fanasitranana izany izy afa-tsy ny fahafatesany.
Nanamafy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) fa raha mila hanambady an'ilay tovovavy marina izy, dia mahita vahaolana amin'izany i Jesoa Kristy (as).
Nazavain'ilay tovolahy tamin'ny Reniny ny resaky ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka namaly azy ny Reniny fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia tsy manambara zavatra izay tsy vitany. Ka henoy izy, ary ankatoavy izay zavatra takiana aminao.
Ny ampitso maraina, dia nilaza tamin'ilay tovolahy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba handeha hiseho any amin'ny lapan'ny Mpanjaka, ka rehefa mifankahita amin'ireo olona akaiky ny Mpanjaka izy sy ireo minisitra, dia miangavy azy ireo mba hilaza amin'ny

mpanjaka ny fangatahany ho vady ny zanakavavin'ny mpanjaka. Aorian'izany izy dia tokony miverina mihaona amin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mampahafantatra azy ny zavatra nitranga. Notanterahan'ity tovolahy ity tokoa izany. Lasa nandeha tany amin'ny lapan'ny Mpanjaka tokoa izy, nilaza tamin'ireo olona akaiky ny Mpanjaka sy ireo minisitra ny fikasany haka vady ny zanakavavin'ny Mpanjaka. Raha naheno izany ireto olona ireto dia naneso azy, saingy nampitan'izy ireo tamin'ny Mpanjaka ny hafatr'ity tovolahy ity, ka nantsoina hiditra ny lapa izy. Rehefa henon'ny Mpanjaka ny fangatahan'ity tovolahy ity, dia namaly amim-pihanihaniana ny Mpanjaka ary nilaza fa tsy homeny azy ny zanany vavy raha tsy mitondra "Perla", "Rubis" ary harena sarobidy ho azy izy, izay tena tsara ary tsy fahita amin'ireo fanjakana hafa. Niverina nihaona tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ilay tovolahy ary notantarainy taminy ny valintenin'ny Mpanjaka.

Noentin'ny Mpaminany Jesoa kristy (as) teny amin'ny toerana be vato izy, ka rehefa nangataka tamin'Andriamanitra ny Mpaminany (as) dia niova ho "Perla" sy "Rubis" ary harena sarobidy hafa ireo vato ireo, tsara lavitra noho ny fangatahan'ny mpanjaka. Nilaza tamin'ilay tovolahy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba haka izay tiany sy ilainy amin'izany vatosoa izany, ka dia naka tokoa izy.

Lasa ilay tovolahy nampiseho izany tamin'ny Mpanjaka sy ireo olona akaiky azy, ka gaga sy talanjona izy ireo ary mbola nangataka fanampiny.

Rehefa nandre ny resak'ilay tovolahy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nirahany niverina tamin'ilay toerana nakany ireo harena sarobidy ity tovolahy ity, mba haka izay ilainy amin'izany. Gaga sy talanjona ny olona rehetra tao amin'ny Lapa, ary nalain'ny Mpanjaka manokana izy mba ho anontaniany mikasika ny tantarany. Notantarain'ilay tovolahy tamin'ny Mpanjaka avokoa ny zavatra nataony niaraka tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka ny anton'izany rehetra izany hoy izy, dia ny faniriany haka vady ny zanakavavin'ny Mpanjaka.

Nangataka tamin'ity tovolahy ity ny Mpanjaka mba hitondra izany lehilahy izany aty amin'ny lapa, mba hahafahan'ity farany mampanambady ilay tovolahy amin'ny zanakavavin'ny Mpanjaka. Tonga tao amin'ny lapa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ary ny Mpanjaka dia nanome fitafiana tsara ho an'ilay tovolahy mba ho entiny amin'ny fety fampakarambady izay ataony amin'ny zanakavavin'ny Mpanjaka. Nahafinaritra ny Mpanjaka izy amin'ny maha vinantolahiny azy, satria olona kinga saina izy ary manam-pahendrena sy mahatakatra zavatra. Ary ny mpanjaka ihany koa tsy nanana zanakalahy, ka nankininy tamin'ny vinantolahiny ny fanjakana. Nidaosin'ny fahafatesana ny Mpanjaka avy eo, ka ilay vinantolahiny no nandray ny toerany.

Tonga ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hanao veloma azy satria mikasa ny handeha handao ny tanana Izy (as). Nanamafy ilay mpanjaka vaovao fa na dia lava andro iainana aza izy, dia tsy ho ampy mihitsy ny

zavatra ataony ahafahany mankasitraka ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) tamin'ny soa nataony. Saingy tamin'ny alina dia nisy fanontaniana tonga tao an-tsainy, raha tsy mahita valiny amin'izany izy, hoy ny nambarany tamin'ny Jesoa Kristy (as), dia tsy afaka hahita fiadanana feno amin'ny zavatra izay ananany. Nanontany azy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hoe, inona izany fanontaniana izany.
Nilaza izy : "ianao afaka namadika ny fiainako izay tao anatin'ny fijaliana ka lasa olona ambony manamboninahitra, fa maninona no tsy ataonao amin'ny tenanao koa izany? Hitako ianao amin'ireny akanjo fitafinao ireny foana sy amin'izao toe-piainanao izao." Namaly azy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "Izay olona tena mahafantatra an'Andriamanitra, ny paradisa sy ireo valisoa avy Aminy, ary mahita ny fahambanian'ny fiainana an-tany dia tsy maniry izao fanjakana tsy marin-toerana izao. Ny fitiavanay an'Andriamanitra sy ny fahafantaranay Azy ary ny fanakaikezanay Azy dia manome anay fahasambarana ara-panahy tsy afaka ampitahaina amin'ireo fahasambarana mandalo." Rehefa nambaran'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) azy, ireo faharatsian'ny fiainana an-tany, ary ny fahafinaretan'ny fiainana any an-koatra sy ny fahamboniany, dia nanontany Azy (as) ity lehilahy tanora ity hoe : "Fa maninona ary ianao no nisafidy ny tsara sy ny mendrika indrindra ho anao, fa ny amiko kosa dia nampidirinao tao anatin'ity fitsapana lehibe ity aho?" namaly azy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "Marina fa nosafidiko ho anao izany mba hitsapako ny eritreritrao sy ny hakingan-tsainao. Ary fanampin'izany, dia ho betsaka

kokoa ny valisoa azonao raha mamela ireo zavatra ireo ianao, ary lasa porofo ho an'ny hafa ianao."

Niala ny fanjakany ilay lehilahy tanora, nanao fitafiana tsotra ary lasa nanaraka ny Mpaminany Jesoa Kristy (as). Rehefa tonga teo amin'ireo apôstôly izy ireo izay tsy lavitra ny tanana, dia nampafantariny azy ireo ity apôstôly vaovao ity ka hoy Izy (as) : "Ity ny harena sarobidiko. Noheveriko fa tao amin'itsy tanana itsy izy, ka hitako izy. Dera ho an'Andriamanitra."

## E) Ireo kristianina ao amin'ny kor'any

Ny boky masina kor'any dia manazava ny fahasamihafan'ireo karazana kristianina ao amin'ny Toko "Al ma-idah" andininy 82 ka hatramin'ny 85.

"…**Ary hohitanao ihany koa, fa ny manam-pitiavana kokoa ireo mpino dia ireo izay milaza hoe: "Kristianina izahay". Izany dia satria misy pretra sy relijiozy eo amin'izy ireo, no sady tsy manambony tena.**" **(Kor'any, Toko 5, And.82)**

Manazava ny kor'any fa ireo kristianina no akaiky indrindra ireo mpino, izany dia noho ny fananan'izy ireo hatsarana anankitelo.
Ny hatsarana voalohany ananan'izy ireo dia noho ny fisian'ireo manam-pahaizana ara-pinoana (Pretra) eo amin'izy ireo. Tsara marihina fa ny fahalalana dia tena ilaina mba hahafahana manao safidy tsara eo amin'ny fiainana.

Ary fanampin'izany, ny boky masina kor'any dia milaza fa ny manam-pahaizana no afaka mino kokoa :

**"Minoa izany ianareo, na aza mino izany. Ireo izay nomena ny fahalalana talohan'izany, raha vakiana amin'izy ireo ny Kor'any, dia lavo niankohoka izy ireo, ny saoka mikasika amin'ny tany".**

**(Kor'any, Toko 17, And. 107)**

Ireo hadith (tenin'ny Mpaminany « saw ») dia manamafy mikasika izany, ka milaza fa ny fanompoana ataon'ny manam-pahaizana dia mendrika kokoa noho ny fanompoana ataon'ny olona iray tsy manam-pahalalana mikasika ny finoana.

Ny hatsarana faharoa ananan'izy ireo dia misy ny sasany amin'izy ireo mampihatra ny zavatra azony sy fantany ka tsy mifikitra amin'ny fiainana an-tany fa mieritreritra ny any an-koatra. Anisan'ny ohatra azo tsapain-tanana izany satria miezaka mampihatra ny fahalalany izy ireo.

Ny hatsarana fahatelo ananan'izy ireo dia ny fanetre-tena izay hita amin'ny ankamaroan'ireo kristianina. Izany hatsaran-toetra izany dia nampianarin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) tamin'izy ireo, ohatra rehefa nanasa ny tongotr'ireo apôstôliny ny Mpaminany (as) dia ny mba hahafantaran'izy ireo fa ny fanetre-tena dia tokony izy (as) sy ireo apôstôliny no voalohany manao izany. Ary dia toy izany ihany koa no fahazoan'ireo mpino azy sy ny fampiharan'izy

ireo izany tamin'ny tenany. Lohalaharana izany toetra tsara izany satria mahatonga ny fisokafana ara-panahy, ary ahafahan'izy ireo mihaino ireo teny vaovao sy fanambarana vaovao mora ampita aminy. Fa ny fanambonian-tena kosa dia toetra ratsy izay nahavoaroaka ny Satan avy tao amin'ny paradisa.

Milaza ny boky masina kor'any :

**"Ary toy izao no nambaranay tamin'ireo Anjely: "Miankohofa avokoa ianareo ho an'i Adama", dia niankohoka avy hatrany izy rehetra afa-tsy iblis (satana) izay nandà, no sady nampiseho fiavonavonana ka tonga isan'ireo tsy mpino. "**

**(Kor'any, Toko 2, And.34)**

Mbola manamafy ny fahamarinan'ny zavatra nataony i Satan, amin'ny finoany fa ny afo dia tsara noho ny tany. Nirehareha sy nanambony tena i Satan satria mihevitra ny tenany ho ambony noho ny hafa.

**Dia niteny Izy (Andriamanitra) hoe: " Inona no misakana anao tsy hiankohoka raha nodidiako tamin'izany ianao?", ka namaly izy (iblis) hoe: "Tsara lavitra noho izy aho, satria noharianao tamin'ny afo, fa izy kosa noharianao tamin'ny tanimanga".**

**(Kor'any, Toko 7, And.12)**

**Ka niteny Izy (Andriamanitra) hoe: “Midina miala tao ianao, tsy mendrika ny hanambony tena eto ianao, mivoaha haingana! Fa manomboka izao dia anisan’ireo ahetry ianao”.**

**(Kor’any, Toko 7, And.13)**

Tamin’ny vanim-potoanan’ny Mpaminany Mohammad (saw) dia nandray olona tsara ireo kristianina, nanana fanetre-tena, tia mihaino ny hafa, ary ity tantara ity dia maneho amintsika izany :

Ny Mpaminany Mohammad (saw) dia nitsinjo sy natahotra ny fiainan’ireo mpanaradia azy manoloana ireo tsy mpino. Ka noho izany dia nalefany nifindra-monina ho any Etiopia ny sasany tamin’ireo mpanaradia azy mba hitady fialofana amin’ny mpanjaka any amin’izany tanana izany, ka i Ja’far ibn Abi Twalib rahalahin’ny Imam Ali (as) no nitarika azy ireo. Rehefa henon’ireo tsy mpino ny vaovao, dia nandefa iraka ihany koa izy ireo, izay notarihan’ny Amr ibn Al-‘As, mba hitady ireo mpanaradian’ny Mpaminany (saw). Rehefa tonga tany izy ireo dia nilaza tamin’ny Mpanjaka : “Misy lehilahy iray avy aminay manao tsinontsinona ny Qouraish (vahoakan’ny Lameka), milaza ny tenany ho Mpaminany izy, ary nandefa ny sasany amin’ireo mpanaradia azy izy ho aty aminao mba hitarika ny vahoakanao hanohitra anao. Ka tonga eto izahay mba hampitandrina anao.”

Nanaiky ny tenin'izy ireo ny Mpanjaka ary nilaza fa rehefa tonga eo anatrehany izy ireo, dia ho henoiny izay zavatra lazain'izy ireo.
Rehefa tonga ireo mpanaradian'ny Mpaminany (saw) dia nangataka alalana mba hihaona amin'ny Mpanjaka izy ireo, ary nampafantatra fa izy ireo dia sakaizan'Andriamanitra. Rehefa tafiditra izy ireo dia niarahaba ny Mpanjaka amin'ny fiarahabana Islamika (Assalamou alaikoum) izay midika hoe : "ny fiadanana anie ho aminao." Nilaza tamin'ny Mpanjaka ireo tsy mpino fa tsy niarahaba araka ny tokony ho izy ireto olona ireto. Nanontany ireto mpanaradian'ny Mpaminany ireto ny Mpanjaka hoe, fa maninona izy ireo no tsy niarahaba azy ara-pomba fifanajana. Namaly izy ireo fa tamin'ny fomba fifampiarahaban'ny olon'ny paradisa sy ny anjely no niarahaban'izy ireo azy. Nanontany azy ireo ny Mpanjaka: "Inona ny tenin'ny Mpaminany Mohammad (saw) mikasika ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) sy ny Reniny Maria (as). Namaly izy ireo fa Izy (saw) dia nilaza fa i Jesoa Kristy (as) dia Mpaminany sy Irak'Andriamanitra…Nilaza ihany koa izy ireo mikasika an'i Maria (as) fa vehivavy virijiny izy, olo-masina sy voadio.

Nilaza ny Mpanjaka fa ny tenin'ny Mpaminanin'izy ireo dia marina, ary nangataka tamin'izy ireo izy mba hilaza ireo andininy sasany izay nambara tamin'ny Mpaminanin'izy ireo. Nanomboka nilaza ireo andininy masina avy ao amin'ny kor'any izy ireo teo anatrehan'ireo Pretra sy Relijiozy mpitoka-monina (moine) ary ireo kristianina vitsivitsy, ka rehefa

naheno izany izy ireo dia latsa-dranomaso satria fantatr'izy ireo fa marina izany.
Nanapa-kevitra ny Mpanjaka fa hiaro azy ireo manoloana ireo tsy mpino.
Toy izao ny fanazavan'ny kor'any mikasika izany :

**Ary raha naheno izay nampidinina tamin'ilay Iraka (Mohammad) izy ireo, dia hitanao fa nirotsa-dranomaso noho ny fahafantarany ny fahamarinana. Ka hoy izy ireo: "Ry Tompo Zanaharinay ô! Mino izahay, koa soraty miaraka amin'ireo mpijoro vavolombelona (fahamarinan'ny Kor'any).**

**(Kor'any, Toko 5, And. 83)**

**Nahoana izahay no tsy hino an'Andriamanitra, sy izay fahamarinana tonga taminay. Ary nahoana ihany koa izahay no tsy haniry ny hampidiran'ny Tompo Zanahary anay miaraka amin'ireo vahoaka mendrika?".**

**(Kor'any, Toko 5, And. 84)**

**Koa dia hamaly soa azy ireo amin'izay nolazainy Andriamanitra, amin'ny zaridaina izay ikorianan'ny renirano eo ambaniny, ka hitoetra ao mandrakizay. Toy izany no valisoa ho an'ireo mpanao soa.**

**(Kor'any, Toko 5, And. 85)**

## F) Ireo fanambarana mialoha sy ireo toro-hevitr'i Jesoa Kristy (as)

## I-Hadith voalohany : anjam-bolamena anankitelo

Nitantara ny Imam As-Swadik (as) fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nandeha lavitra niaraka tamin'ireo namany anankitelo. Teny an-dalana izy ireo dia nahita anjam-bolamena anankitelo, ka rehefa nandalo teo amin'izany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nilaza : "tsy isalasalana, fa namono olona io zavatra io." Ny tsirairay avy tamin'ireo namany dia nitady fomba fialan-tsiny hialana amin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka samy tonga tafavory tampoka nanodidina ilay anjam-bolamena anankitelo izy ireo, nefa tsy nisy fifanarahana mialoha akory. Ny anankiroa tamin'izy ireo dia naniraka ilay fahatelo mba hividy zavatra hohanina, ary izy roalahy izay nijanona dia nanapa-kevitra ny hamono ilay fahatelo rehefa tafaverina. Ilay fahatelo indray kosa dia nampiditra poizina tamin'ny sakafon'ireo lehilahy roa niaraka taminy, ka lasa niverina nanatona azy ireo. Rehefa tonga teo anatrehan'izy roalahy ilay fahatelo, dia nitsangana izy roalahy namono azy. Avy eo dia nihinana ilay sakafo misy poizina izy roalahy. Nandalo tamin'izany toerana izany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ka nahita ireo namany mpanaradia azy anankitelo maty. Natsangan'i Jesoa Kristy (as)

tamin'ny maty izy ireo noho ny fahasoavana manokana avy amin'Andriamanitra, ka hoy Izy (as) tamin'izy ireo : "Tsy efa nambarako anareo ve fa mamono olona io zavatra io?"
Matetika dia hitantsika fa ny fitiavantsika ireo zavatra ara-materialy dia mampiditra antsika anaty olana maro, ary mitarika antsika hanao fahotana, nefa rehefa tafiditra fitiavana amin'izany isika dia mahavita manao zavatra tsy noeritreretina noho ny fahajambantsika. Ka ny olona manan-tsaina dia tokony mieritreritra ny voka-dratsy sy ny fiafaran'ny fisiany izay tsy inona fa ny fahafatesana. Ka rehefa tsapany fa ny zavatra materialy dia tsy maharitra mandrakizay, dia tokony hazava aminy fa ny fiainana tsara ho azy dia ny tsy fizorana loatra amin'ny fahafinaretana.

## II-Hadith faharoa : ny fahendrena

Nilaza ny Imam As-Swadik (as) fa indray andro ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nijoro teo anatrehan'ireo zanak'Israely, ary nanambara : "Ry zanak'Israely! Aza mianatra ny fahendrena amin'ny olona tsy mahalala ianareo, satria hanao tsy rariny aminy ianareo. Ary aza sakanana amin'ny fahendrena ny olona izay mendrika izany. Aza ampianareo tsy rariny ny tsy rariny efa nataony, satria manjary ho afa-baraka amin'izany ianareo."

Torak'izany koa ohatra ny harena sarobidy izay tsy nolaniana tamin'ny toerana tsara, ny fahendrena dia

manan-danja kokoa noho ny harena sarobidy, ka tokony hajaina araka ny maha izy azy.

Ny boky masina kor'any dia manambara ihany koa fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia mpitondra fahendrena ho an'ny vahoakany. Ndeha ho vakiantsika ny Sourat laharana faha 43, andininy faha 63.

**Ary rehefa nitondra ny porofo i Jesoa, dia hoy izy: "Tonga eto aminareo miaraka amin'ny fahendrena aho, sady hanazava aminareo ireo zavatra sasany tsy nampitovy hevitra anareo. Matahora an'Andriamanitra àry ianareo, ary mankatoava ahy.**

**(Kor'any, Toko 43, And. 63)**

## III- Hadith fahatelo : ny fahatezerana

Mitantara ny Imam As-Swadik (as) fa ireo Apôstôly dia nanontany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hoe : "Inona ny zavatra sarotra resena indrindra? Namaly azy ireo Izy (as) : ny hatezeran'Andriamanitra." Nanontanian'izy ireo Izy (as) hoe: "Ahoana ny fomba hiarovan-tena amin'izany?" Namaly Izy (as) : "Mila miezaka ianao amin'ny tenanao mba tsy ho tezitra." Namaly izy ireo amin'ny fametrahana fanontaniana taminy hoe : inona ny antony mahatonga ny fahatezerana ?"

Nilaza izy : “Ny fanambonian-tena, mila mampitahotra ny hafa, ary mandray ny sasany ho tsy misy dikany.”

Araka izany, dia nanontany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ireo apôstôly mikasika ny zavatra mahatonga ny olona iray ho tezitra, ary nahafantatra ny antony mampitroatra ny fahatezerana amin’ny olona iray, ka lasa mora amin’izy ireo ny miala amin’izany fahadisoana izany amin’ny fitondran-tenany.
Toy ireo aretin’ny vatana ihany koa ny aretin’ny fitondran-tena izay afaka ialana amin’ny fahafantarana ireo antony mahatonga ny aretina, satria rehefa esorina ireo antony mahatonga ny aretina, dia ho afaka tanteraka ilay aretina.

Ary ny mikasika ireo antony mahatonga ny hatezerana, dia matetika ilay olona tsy mahita ny fahadisoany, fa mahita ny tenany ho tongalafatra, ka ireo hadisoan’ny hafa ihany no hitany (Raha mila hijery ny antsipirihany mikasika izany dia tsara miverina amin’ireo boky miresaka manokana momba ny fitondrantena, ohatra : “Mi’raj Al-sa’adah.)

## IV- Hadith fahaefatra : ny zanakalahy tia vavaka

Mitantara ny Imam As-Swadik (as) (resaka voarainy avy amin’ireo Raibeny, ary ireo Raibeny dia naheno izany tamin’ny Mpaminany Mohammad “saw”) fa indray andro ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia

nandalo teo akaikina fasana iray, ka ny olona maty ao anatin'izany fasana izany dia iharan'ny fanasaziana mafy. Afaka herintaona, dia nandalo teo akaikin'izany fasana izany indray ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka hitany fa ilay olona maty ao ampasana izay niharan'ny fanasaziana mafy teo aloha dia lasa miadana indray ankehitriny. Nanontany an'Andriamanitra ilay Avo indrindra ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) amin'ny antony nahatonga izany fiovana izany. Nanambara taminy Andriamanitra fa ny zanakalahin'io olona io izay tia vavaka dia nanao asa tsara anankiroa, nanamboatra lalana indray izy, ary nandray zaza kamboty iray tao aminy. Ka Andriamanitra dia mamela ny hadisoan'ny maty noho ny asa tsara nataon'ny zanakalahy.
Ka ny fanabeazana tsara nataon'ny Ray dia ahazoan'ny Ray valisoa ihany.

## V-Hadith fahadimy : mandositra ny fiainana an-tany

Milaza ny Imam As-Swadik (as) fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia niteny tamin'ireo mpanaradia azy hoe : "Ry taranak'i Adam! Aoka ianareo handositra ity fiainana an-tany ity ho any amin'Andriamanitra, ary hafaho ny fonareo amin'ity fiainana ity. Tsy tsara ho azy ianareo, ary izy koa tsy tsara ho anareo, tsy hijanona eo aminy ianareo, ary izy koa tsy hijanona ho anareo. Mpamitaka izy sady mampitaintaina, ka voafitany izay raiki-pitiavana aminy, ary simbainy

izay nametra-pitokiana taminy. Maty antoka izay tia azy sy maniry azy. Miverena amin'ny Tompo Mpahary anareo ianareo ary matahora Azy. Matahora ny Tomponareo ianareo ary matahora ilay andro izay tsy hamalian'ny Ray intsony ny antson'ny zanany, na ny zanaka tsy hamaly ny antson'ny Rainy. Aiza izy ireo? ireo Rainareo, ireo Reninareo, ireo rahalahinareo, ireo anabavinareo, ary ireo zanakareo? Nantsoina izy ireo (ho any amin'ny fahafatesana) ary namaly ny antso. Napetraka any ampasana izy ireo eo akaikin'ireo faty ary anisan'ireo maty. Niala ity fiainana an-tany ity izy ireo, ka nosarahina tamin'ireo namany, ary ankehitriny, dia mila ireo zavatra izay nalefany ho an'ny fiainana any an-koatra izy, fa tsy mila intsony ireo zavatra izay navelany tamin'ny fiainana tety an-tany.

Na dia manao toriteny aminareo aza izahay sy manakana anareo tsy hanao fahotana, dia manohy hatrany izany ianareo ary tsy mandraharaha. Mitovy amin'ny biby ianareo izay tsy miraharaha afa-tsy ny sakafony sy ny fahafinaretany. Tsy menatra Ilay nahary anareo ve ianareo, ary nanomana afobe ho an'ireo izay tsy nankato Azy, nefa ianareo dia tsy ahazaka ny afobe? Ary nampanantena paradisa sy ny fanakaikezana Azy ho an'ireo Mankato Azy. Koa aoka ary ianareo hifaninana amin'ny fanatonana ny Tomponareo amin'ny paradisa, ary aoka ho isan'ireo sakaizaNy…miantrà ireo osa sy ireo sahirana, ary mibebaha amin'Andriamanitra amin'ny fibebahana marina, aoka ianareo ho mpanompo mendrika, aza manao ho mpanjaka tia jadona sy mpangeja, na

mpanao tsindry hazolena sahala amin'i Faraona. Ry taranak'i Adam feno fahosana! Handositra aiza ianao? Amin'Ilay mitady anao ao anatin'ny haizin'ny alina sy ny hazavan'ny antoandro ary amin'ireo toe-javatra rehetra? Nahavita ny adidiny izay nanao ny toriteny, ary sambatra izay nandray amim-pahamatorana ity toriteny ity."

## VI-Hadith fahaenina : Miala amin'ireo fahotana

Nitantara ny Imam As-Swadik (as) fa indray andro ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nandalo teo anatrehana vondron'olona iray mitomany, ka nanontany azy ireo Izy (as) amin'ny antony mampitomany azy. Nisy iray tamin'izy ireo namaly azy (as) fa mitomany noho ny fahotany izy ireo. Namaly azy ireo ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "Aoka izy ireo hiala amin'ireo fahotany fa hamela heloka azy ireo Andriamanitra."

## VII-Hadith fahafito : Ny ahiahy sy ny fitondran-tena tsy mendrika

Nitatitra ny Imam As-Swadik (as) fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nilaza fa izay manana ahiahy maro dia harary ny vatany, ary izay manana fitondran-tena tsy mendrika dia manao ratsy amin'ny tenany. Izay olona miresaka maro dia mamitaka maro ny tenany. Izay olona fatra mpandainga dia very laza.

Izay olona fatra mpiady amin'ny hafa dia very haja amam-boninahitra.

## VIII-Hadith fahavalo : fanavahana ny ho enti-manana sy ny tanjona

Mitatitra ny Imam Zainoul-Abidine (as) fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nilaza toy izao tamin'ireo Apôstôly : "Hamafisina fa ity fiainana an-tany ity dia tetezana, koa aoka ianareo hiampita amin'izany fa aza mitady hevitra hampihaingona azy.

Nanamafy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) fa ity fiainana an-tany ity dia tsy tanjona ho tratrarina fa fomba iray ahatongavana amin'ilay tena tanjona dia ny any an-koatra. Ny fanamboarana tetezana dia tsy fiafarana fa fomba iray ahafahana miampita amin'ny tanana iray mandeha amin'ny tanana iray hafa ohatra.

Toy izao no voalazan'ny boky masina Kor'any mikasika ny fiainana an-tany :

**"Ny tena tsirairay avy dia tsy maintsy hanandrana ny fahafatesana. Ary dia ho tsinjaraina aminareo amin'ny andro fitsanganana ireo valinkasasaranareo. Fa izay nalavirina tamin'ny afo, ary naiditra ny Paradisa no tena avotra. Ary tsy inona akory ny fiainana ety an-tany, fa fahafinaretana mamitaka fotsiny ihany."**

**(Kor'any, Toko 3, And. 185)**

Namafisin'ny boky masina Kor'any ihany koa fa ny fiainana an-tany dia tsy tena fiainana marina araka ny fieritreretan'ny maro azy.

**"Ity fiainana an-tany ity, dia fialam-boly sy lalao fotsiny ihany. Fa ny fonenana any an-koatra no tena fiainana. Raha mba fantatr'izy ireo! "**

**(Kor'any, Toko 29, And.64)**

## IX- Hadith fahasivy : Ny manam-pahaizana

Nilaza ny Imam Ali (as) : "Niteny i Jesoa Kristy (as) fa ny dinar (singam-bolamena) dia aretin'ny finoana ary ny manam-pahaizana no mpitsabo ny finoana, ka raha indray andro ianao mahita ny mpitsabo misintona ny aretina ho any aminy, dia aoka ianao hisalasala aminy, ary fantaro fa mety tsy ho mpanoro-hevitra tsara ho an'ny hafa intsony izy."

## X- Hadith fahafolo : ny alahelo

Mitatitra ny Imam As-Swadik (as) fa Andriamanitra dia nilaza tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba handrotsaka ny ranomasony, sy hampanetritena ny fony, ary halahelo rehefa mifaly ny hafa. Mandehanà any amin'ny fasana ianao, ary antsoy ireo maty amin'ny feo ambany, fa mety hahazo toro-hevitra avy amin'izy ireo ianao, ary lazao amin'izy ireo fa ianao koa dia hanaraka azy ireo. "

Andriamanitra dia tsy mila antsika ho rera-tsaina amam-panahy sy hiataka ny fiaraha-monina fa mihetsika sy manana herim-po hanao ny tsara. Ka ny fananana alahelo dia fampahatsiarovana ho an'ny tsirairay fa ny tena fiainana dia ny any an-koatra. Ny fandehanana any amin'ny fasana mamangy ireo maty dia anisan'ny zavatra mety miteraka alahelo, saingy mitondra tombontsoa ho antsika, mba tsy handraisantsika ity fiainana an-tany ara-materialy ity ho toy ny tanjona fiafarana, ka mahatonga antsika hitady ny tongalafatra amin'ireo vanim-potoana sisa iainantsika.

## XI-Hadith faharaika ambin'ny folo : Ny ketrina

Nitatitra ny Imam As-Swadik (as) fa ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nilaza : "Nitsabo aretina maro aho ary vitako ny nanasitrana ireo marary noho ny alalana avy amin'Andriamanitra. Nositraniko ny jamba hatramin'ny voateraka ary koa ny boka noho ny alalana avy amin'Andriamanitra. Nampitsangana ireo maty aho noho ny alalana avy amin'Andriamanitra, saingy rehefa niezaka hanasitrana ny ketrina aho, dia tsy vitako izany."

Nisy olona nanontany Azy (as) hoe, iza ilay olona ketrina? Namaly ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "ilay olona izay liana amin'ny fomba fijeriny sy ny fanahiny, ary mahita izy fa ny olona rehetra dia

tokony hanome zavatra azy, fa izy kosa tsy tokony hanome zavatra n'iza n'iza. Toy izany ny olona ketrina izay tsy nahitantsika fanafana (satria tsy mahita ny tenany ho marary izy).

## XII-Hadith faharoa ambin'ny folo : fanomezana fiantrana

Nitatitra ny Imam As-Swadik (as) fa indray andro ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nandalo teo anatrehana vahoaka iray mitabataba, ka nanontany Izy (as) hoe, inona ny zavatra mandalo? Namaly izy ireo fa nisy fety fampakarambady. Nilaza Izy (as) fa ilay vehivavy tanora nanambady dia ho faty rahariva. Ny ampitso dia lasa nandeha hihaona amin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ny olona mba hilaza aminy fa ilay vehivavy tanora vao nanambady dia tsy maty. Lasa nandeha niaraka tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) izy ireo ho any amin'ny tranon'ilay vehivavy, ary rehefa tonga tany izy ireo dia nivoaka ny trano ny vadin'ilay vehivavy, ka nolazain'i Jesoa Kristy (as) ity lehilahy ity mba hanontany ny vadiny mikasika ny asa soa nataony tamin'ny alina. Tonga ilay vehivavy, ary nilaza : "tsy nanao zavatra miavaka aho, saingy omaly alina, dia nisy mpangataka tonga toy ny mahazatra isaky ny alin'ny zoma mba hangataka fanomezana fiantrana. Omaly hariva dia tsy nisy olona namaly azy, ka nilaza izy : "Marary aho fa tsy naheno ahy izy (ilay vehivavy) androany hariva, ka ho maty noana ny fianakaviako." Nitsangana aho (ilay vehivavy), ary tsy nisy olona nahafantatra ahy,

ka lasa aho nandeha nanome zavatra azy toy ny mahazatra."

Tamin'izay fotoana izay dia nilaza taminy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba hitsangana, ka indro fa teo amin'ny toerana nisy azy, dia nahita bibilava nanaikitra ny rambony izy. Nanazava ny Mpaminany Jesoa Kristy(as) fa noho ny fanomezana fiantrana nomeny, dia nataon'Andriamanitra niataka taminy izany loza izany.

## XIII-Hadith fahatelo ambin'ny folo : ny tany, ny rano, ny masoandro sy ny volana

Nanambara tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) Andriamanitra : "Aoka ianao amin'ny fanetre-tenanao amin'ny olona, ho toy ny tany izay eo ambany tongotr'izy ireo, amin'ny fahalalahan-tananao, ho toy ny rano izay mikoriana tsy miato, amin'ny fiantranao, ho toy ny masoandro sy ny volana, satria izy roa ireo dia miseho (mitaratra) eo anatrehan'ireo olona ratsy sy ireo olona tsara."

Ny tany no ohatra miavaka indrindra amin'ny fanehoana fanetre-tena sy fifaliana, satria betsaka ny zavaboahary manitsaka azy amin'ny tongotr'izy ireo, saingy tsy nisy mihitsy fotoana tsy nahafaly azy.

Ny rano izay miboiboika avy ao amin'ny loharano dia tsy mangataka ny hijanona, na manontany ny toerana

halehany, na manontany ny antony namindra azy, sy ny antony nampiasaina azy. Ka mitovy ihany ireo tompon'ny fampindramana.

Ny fiantrana indray dia azo ampitahaina amin'ny masoandro sy ny volana, satria izy roa ireo dia tsy mifidy ny homeny tara-pahazavana misimisy kokoa, fa miseho sy manome tara-pahazavana ho an'ny rehetra amim-pitoviana sy amim-piantrana.

## XIV- Hadith fahaefatra ambin'ny folo : Ireo onjan-dranomasina

Nilaza ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "iza no hanamboatra trano eo ambonin'ireo onjan-dranomasina? Toy izany ny fiainana an-tany, aza raisina ho toy ny mari-toerana izany."

## XV- Hadith fahadimy ambin'ny folo : Ny mpampianatra an'i Jesoa Kristy (as)

Nisy olona nanontany an'i Jesoa Kristy (as) hoe, iza no nampianatra azy? Namaly izy (as) : "tsisy olona nampianatra ahy, fa hitako ny haratsian'ny habadoana, ka nohalaviriko."

## XVI-Hadith fahaenina ambin'ny folo : Ny fiheverana ny zava-drehetra ho tsara

Indray andro ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) nandalo teo akaikin'ny alika iray efa maty, ka ireo apôstôly izay niaraka taminy (as) dia nahatsapa ny fofona mantsina avy amin'ilay fatin'alika. Nilaza ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hoe : "Mba jereo ireo nifiny izay fotsy."

Ny lesona tsoahina amin'izany dia mila mijery ny zavatra amin'ny lafi-tsarany hatrany eo amin'ny fiainana mba hahafahana mizaka ny zava-drehetra.

## XVII- Hadith fahafito ambin'ny folo : Miady amin'ny fiainana an-tany

Indray andro ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nilaza tamin'ireo Apôstôly : ô ianareo ry Apôstôly! Niady tamin'ity fiainana an-tany ity aho ho anareo, ka lavoko amin'ny tany izy. Aoriako, aza mampamiratra ity fiainana an-tany ity intsony ianareo, satria ny fahambanian'ity fiainana an-tany ity dia noho ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra. Ary ny fiainana any an-koatra dia tsy azo raha tsy amin'ny alalana famelana ny fiainana an-tany. Koa mandalova amin'ity fiainana an-tany ity ianareo fa aza manamboatra izany, satria fantaro fa ny fototry ny fahotana rehetra dia ny fitiavana ity fiainana an-tany ity. Firifiry ny

faniriana izay miteraka alahelo mitohy ho an'izay manana izany."

## XVIII- Hadith fahavalo ambin'ny folo : Ny rano sy ny afo

Nilaza ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "Ny fitiavana ny fiainana an-tany sy ny fiainana any an-koatra dia tsy afaka hitambatra ao anatin'ny fon'ny mpino anankiray, toy ny rano sy ny afo izay tsy afaka mitambatra ao anaty kapoaka boribory."

## XIX- Hadith fahasivy ambin'ny folo : fankahalana ny fiainana an-tany

Nisy olona sasany nanontany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba hampianatra azy ireo zavatra mahatonga an'Andriamanitra ho tia azy. Nilaza Izy (as) : "Aoka ianareo hankahala ity fiainana an-tany ity dia ho tia anareo Andriamanitra."

## XX-Hadith faharoapolo : Ny fanantenana

Raha sendra nipetrapetraka ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nahita lehilahy iray izy (as) efa antitra miasa tany amin'ny angady. Nangataka tamin'Andriamanitra ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba hanala ny fanantenana ao anatin'ny fon'ity

lehilahy ity. Tampoka teo, dia navelan'ilay lehilahy antitra teo ny angadiny, ary nitsotra izy. Nangataka tamin'Andriamanitra indray ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba hamerina amin'ity lehilahy ity ny fanantenana. Nitsangana indray ilay lehilahy antitra ary nanohy ny asany.

Nanontany ity lehilahy antitra ity ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mikasika ny antony mahatonga azy manao izany fihetsika izany. Namaly izy : "rehefa miasa aho, dia manontany tena hoe, hatramin'ny rahoviana aho no hiasa toy izao nefa efa lehilahy antitra. Navelako hianjera ny angadiko ary lasa aho nandeha nitsotra. Niteny indray anefa izaho fa raha mbola velon'aina, dia tsy maintsy mila misakafo, ka nitsangana indray aho hiasa miaraka amin'ny angadiko."

Ka araka izany, dia tokony manana fanantenana hatrany ny mpino, satria rehefa tsy manana fanantenana ny olona iray dia mihinana izy, matory, mivoaka ny tranony fa tsy manana tanjona mazava. Ny fanantenana kosa no mahatonga antsika mahazaka ny fahasarotana eo amin'ny fianarana, ny dia lavitra, sy ireo zavatra ataontsika rehetra mba ho tonga amin'ny tanjona.

Ny Imam Hassan (as) dia nilaza : "Aoka ianao hiasa amin'ny fiainana an-tany sahala amin'ny ho velona mandrakizay, ary aoka ianao hiasa ho an'ny fiainana any an-koatra sahala amin'ny ho faty rahampitso."

Ny olona izay mieritreritra fa ho lava andro iainana dia manao vinavinan'asa maharitra ary tsy mba kivy. Mieritreritra izy fa ho tanterany avokoa ireo faniriany sy hetahetam-pony. Marihina anefa fa izany faniriana izany dia tsara ho an'ny fiaraha-monina satria ahafahana mameno ireo asa tsy vitan'ny hafa teo aloha. Fa ny olona mpino kosa dia tsy manome lamosina velively ny any an-koatra satria fantany tsara fa amin'ny fotoana rehetra dia mety hiala ity fiainana an-tany ity izy. Ka ny mampirisika azy hanao zavatra tsara amin'ny fiainana ety an-tany dia noho ny fikatsahana valisoa any an-koatra, raha ohatra ka noho ny antony fitadiavana sitraka amin'Andriamanitra no nanaovany izany.

## XXI-Hadith faha iraika amby roapolo : Ny vola

Ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia nanao tsikera mikasika ny vola ka nambarany fa misy lafy ratsiny anankitelo izy io : "Ny vola dia azo amin'ny fomba tsy ara-dalana. Fa raha azo amin'ny fomba ara-dalana kosa izy, dia tsy nolaniana tamin'ny fomba tsara. Ary raha nolaniana tamin'ny fomba tsara izy, dia tsy maintsy hampiataka ny olona iray amin'ny fanompoana an'Andriamanitra."

## XXII- Hadith faharoa amby roapolo : Ny fandovana

Rehefa nandalo teo akaikin'ny trano iray ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka nahita ireo mpandova nandova ny anjaran'izy ireo ampilaminana, dia nilaza izy (as) : "Tena bado tokoa ireo mpandova anao! Tsy naka lesona tamin'ireo tomponao teo aloha izy ireo."
Ny mpandova mantsy dia faly mandrakariva amin'ireo lova izay azon'izy ireo, adinony fa izy ireo koa dia mpandalo ihany ety ambonin'ny tany."

## XXIII-Hadith fahatelo amby roapolo : Ny fianianana sy ny eritreri-dratsy

Nitatitra ny Imam As-Swadik (as) fa ireo Apôstôly dia nivorivory teo anilan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ka nangataka taminy izy ireo mba ho ampianariny zavatra hitari-dalana azy ireo. Nilaza ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hoe : "I Mosesy dia nibaiko anareo mba tsy hianiana amin'Andriamanitra raha ohatra ka lainga ny resaka lazainareo, fa izaho kosa dia manome baiko anareo mba tsy hianiana amin'Andriamanitra na lainga ny teny lazainareo na marina."
Nangataka toro-hevitra fanampiny tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) izy ireo, ka notohizan'ny Mpaminany (as) ny teniny : "I Mosesy ilay Mpaminanin'Andriamanitra dia nanome baiko anareo

mba tsy hanao fijangajangana, fa izaho kosa dia nanome baiko anareo mba tsy hieritreritra izany, satria izay nieritreritra fijangajangana dia toy ny nandrehitra afo ao anatin'ny trano voaravaka, ka nosimbainy tamin'ny setroka ny ravaky ny tranony, na dia tsy nirehitra aza izany."

Ny eritreritra ratsy no manosika ny olona hanao ireo karazam-pahotana isan-karazany, ka manome torohevitra ny olona ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba hanala tanteraka ny fototry ny fanaovana fahotana.

## XXIV- Hadith fahaefatra amby roapolo : Ny namana

Ny Imam As-Swadik (as) dia nitatitra fa ny Mpaminany Mohammad (saw) dia nilaza fa ireo Apôstôly dia nangataka tamin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) hoe : "iza ny olona afaka hifandraisanay?" Namaly ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) : "Ny olona izay rehefa hitanao izy dia mahatonga anao hieritreritra an'Andriamanitra. Ny olona izay mampitombo ny fahalalanao rehefa miresaka izy, ary ny olona izay mahatonga anao ho tia ny any an-koatra rehefa mahita ny zavatra ataony ianao."

## G) Ny fiverenan'i Jesoa Kristy (as)

## I-Ny fiakaran'i Jesoa Kristy (as)

Araka ny filazan'ny Kor'any masina, mikasika ny vanim-potoana farany nipetrahan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) tety an-tany, dia nambarany fa tsy novonoina izy (as), ary tsy nofatsihana tamin'ny hazo fijaliana, fa navotan'Andriamanitra ary nampiakariny, mba ho afaka hiverina indray ety an-tany amin'ny andro farany.
Milaza ny kor'any masina :

"**Ary ny filazan'izy ireny hoe: "Izahay tokoa no namono an'i Mesia, Jesoa, zanak'i Maria, Irak'Andriamanitra"...Kanefa tsy nahafaty na koa nahavita nanombo azy izy ireo; fa endrika mitovy no hitan'izy ireo. Ary izay miady hevitra ny amin'izany, dia tena tafiditra ao anatin'ny fisalasalana tanteraka; tsy manam-pahalalàna ny momba izany izy ireny, fa fanarahana ny tombatombana fotsiny ihany, ary azo antoka fa tsy nahafaty azy mihitsy izy ireo.**"

**(Kor'any, Toko 4, And.157)**

**"Fa nampiakarin'Andriamanitra ho any Aminy izy. Fa Tsitoha sy be fahendrena Andriamanitra."**

**(Kor'any, Toko 4, And.158)**

Tsy mampihena ny voninahiny na dia tsy novonoina aza Izy (as) satria Andriamanitra raha manavotra olona iray na maka ny fofon'ain'ny olona iray dia miankina amin'ny toe-draharaha misy izany olona izany sy ny andraikitra ho raisiny aoriana, n'inona n'inona toeram-boninahitra misy azy.

## II-Ny andraikitr'i Jesoa Kristy (as) amin'ny fiverenany

Ny mpino silamo rehetra, na inona sampam-pampianarana misy azy dia mino ny fiverenan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as). Ka ho famantarana ny famindram-pon'Andriamanitra ho an'ny olombelona rehetra ety an-tany izy (as).
Ny andraikitry ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) amin'ny andro farany dia manan-danja tokoa satria ny teniny dia eken'ireo Jiosy sy ireo Kristianina.
Manamarika izany teboka izany ny kor'any masina ao amin'ny toko fahaefatra andininy 159 :

**"Ary marina, fa raha misy iray amin'ireo olon'ny boky no tsy nino azy mialoha ny fahafatesany (olon'ny boky). Ary amin'ny andro fitsanganana, izy (Jesoa), dia hijoro vavolombelona manohitra azy ireo."**

**(Kor'any, Toko 4, And.159)**

Araka ny hadith voalazan'ny Imam Al Baqir (as), dia hidina ety an-tany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) alohan'ny andro fitsarana farany. Ireo Jiosy sy ireo kristianina dia hino azy (as) alohan'ny ahafatesany. Ary ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) dia hivavaka aorian'i Al Mahdi (as).
Hijoro vavolombelona ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) amin'ny andro fitsarana farany hanohitra ireo tsy nino ny hafatra masina noentiny sy nandà izany nefa nahafantatra azy tsara tamin'ny fotoana niverenany.

## III-Ny fivoahan'ny Imam Al Mahdi (as)

### a) Iza moa ny Imam Al Mahdi (as) ?

Ny ankamaroan'ny mpino silamo dia mizara anankiroa, ny Sounnit sy ny Shiita. Ireo Sounnit dia ireo nanaraka avy hatrany ireo Khalifa efatra (Abou Bakar, Oumar, Othman ary ny Imam Ali "as") taorian'ny fahafatesan'ny Mpaminany Mohammad (saw). Fa ny Shiite kosa dia ireo nanaraka ireo Imam roa ambin'ny folo tsy voapentin'ny ota taorian'ny fahafatesan'ny Irak'Andriamanitra (saw), ka ireto avy ireo Imam roa ambin'ny folo ireo : Ny Imam ALI "as" (izay zanak'olo-mpirahalahy izy sy ny Mpaminany Mohammad "saw", vadin'ny zanakavavin'ny Mpaminany (saw), ary Rain'ny Imam Al Hassan "as" sy ny Imam Al Houssen "as"), nalevina tao Nadjaf any Irak Izy (as). Ny Imam Al Hassan (as) nalevina tao Madina, ny Imam Al Houssen (as) nalevina tao

Karbala any Irak, ny Imam Ali zanak'i Houssen (Zainoul-Abidine) nalevina tao Madina, ny Imam Mohammad Al Baqir (as) zanaky ny Imam Zainoul-Abidine (as) nalevina tao Madina. Ny Imam Ja'far As-Swadik (as) zanaky ny Imam Al Baqir (as) nalevina tao Madina. Ny Imam Moussa Al Kazimo (as) zanaky ny Imam As-Swadik (as) nalevina any Bagdad any Irak. Ny Imam Ali Al-Ridha (as) zanaky ny Imam Moussa Al Kazimo (as) nalevina any Mashhad any Iran. Ny Imam Mohammad Al Jawad (as) zanaky ny Imam Ali Al-Ridha (as) nalevina tany Bagdad any Irak. Ny Imam Ali Al Hadi (as) zanaky ny Imam Mohammad Al Jawad (as) nalevina tany Samarra any Irak. Ny Imam Hassan Al Askari (as) zanaky ny Imam Al Hadi (as) nalevina tany Samarra any Irak. Ny Imam Al Mahdi (as) zanaky ny Imam Al Hassan Al Askari (as) izay mbola velona hatramin'izao.

Ireo rehetra ireo dia nofidin'Andriamanitra ho mpandimby ny Mpaminany Mohammad(saw) satria fantatra fa tsy voapentin'ny ota izy ireo. Ary ny Mpaminany Mohammad (saw) dia nangataka amin'ny mpino silamo rehetra mba hanaraka ireo Imam roa ambin'ny folo ireo, izay aoriany, satria ny mpitarika dia tokony tsy manao fahotana ary voafidin'Andriamanitra, ary izy ireo no tokony ahay hanavaka indrindra ny tsara sy ny ratsy tsy misy fisalasalana.

Ny mpino silamo rehetra dia mino fa ho avy ny iray amin'ireo taranaky ny Mpaminany Mohammad (saw) izay antsoina hoe "Al Mahdi (as)", Imamon'ny vanim-

potoana. Hametraka indray ny fahamarinana ety antany izy, taorian'ny nanjakan'ny tsy rariny.

Misy ny sasany no mino fa ny fahatongavan'ny Imam Al Mahdi (as) dia voatokana ho an'ireo shiita irery ihany, nefa raha ny marina ireo hadith voaray avy amin'ny Sounnit sy ny Shiite dia samy milaza ny fahatongavany. Ka ny mpino silamo rehetra dia mino fa ny Mpaminany Mohammad (saw) dia efa nampahafantatra azy ireo ny fahatongavany, ary Izy (as) dia olona manana hery sy fahefana, ary hanana andraikitra miavaka eto ambonin'ny tany. Ny tsy fitoviana eo amin'ny Sounnit sy ny Shiite mikasika izany, dia fantatra fa ny Sounnit dia tsy mahalala na efa teraka Izy (as) na tsia, fa samy mino ny fahatongavany. Fa ny Shiite indray kosa, dia mahafantatra fa Izy (as) no ilay Imam faharoa ambin'ny folo izay teraka tao Samarra, tany Irak, tamin'ny taona 255 Hegira.

## b) Ny Renin'ny Imam Al Mahdi (as)

I Malika (as) dia zanakavavin'ny Mpanjaka tao Rôma, zanak'i Yashou'a izy ary zafikelin'i Kaisara tao Rôma. Fanampin'izany, ny Reniny dia taranaky ny Apôstôlin'i Jesoa Kristy (as) antsoina hoe "Simon".
I Kaisara dia mila mampanambady an'i Malika amin'ny zanak-olo-mpiray tampo amin'ny Ray amandReniny, saingy rehefa nandeha ny lanonana, dia nihetsika ny lapihazo nisy azy roa mpanambady, ka nanjary nando mihitsy ralehilahy. Ny Pretra izay

tonga nanatrika izany fampanambadiana izany dia nanambara fa hisy loza raha ohatra ka tsy hajanon'izy ireo izany fanambadiana izany. Nanapa-kevitra indray i Kaisara fa ho hampanambadiany amin'ny rahalahin'ny saika hanambady azy teo i Malika (as), saingy nitovy hatrany ny zava-nitranga. Nalahelo mafy tokoa i Kaisara manoloana izany tsy fahombiazana izany.

Ny alin'iny andro iny, dia nanofy ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) niaraka tamin'ny sasany amin'ireo Apôstôliny (anisan'izany i Simon) i Malika (as), ary izy rehetra ireo dia tafavory tao amin'ny lapan'ny Kaisara, ka indro ny Mpaminany Mohammad (saw) niditra ny lapa niaraka tamin'ny sasany amin'ireo taranany. Nitsangana ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) mba hiarahaba azy ireo. Nilaza ny Mpaminany Mohammad (saw) fa ny antony nahatongavany dia hangata-bady an'i Malika (as) (taranaky ny Apôstôly Simon) mba ho vadin'ny Imam Hassan Al Askari (as) (Taranaky ny Mpaminany Mohammad "saw"). Nitodika tamin'i Simon ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ka nambarany fa : "Tonga aminao ny voninahitra, ka ampifandraiso amin'ny fianakavian'ny Mpaminany Mohammad "saw" ny taranakao." Namaly i Simon fa ho tanteraka tokoa izany. Nampanambadian'ny Mpaminany Mohammad (saw) an'i Malika (as) ny Imam Hassan Al Askari (as) teo anatrehan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) sy ireo Apôstôliny. Rehefa nifoha i Malika (as) dia tsy nahavita nisakafo intsony ary lasa nahia.

Alina fahaefatra ambin'ny folo andro taorian'izany, dia nanofy an'i Masina Maria (as) sy Fatima Az-Zahra (as) i Malika (as), ka nampahafantarin'i Masina Maria (as) azy i Fatima Az-Zahra (as), ka nanontany an'i Fatima Az-Zahra (as) i Malika (as) hoe, fa maninona ny taranany no tsy manatona azy? Namaly i Fatima (as) fa raha mbola tsy feno ny finoany dia tsy afaka ny hanambady azy ny taranany. Taorian'izany dia nanambara i Malika (as) fa iriany amin'izay ny ahafeno ny finoany, ka nasain'i Fatima Az-Zahra (as) nilaza ireto teny manaraka ireto izy : "Manaiky sy mijoro vavolombelona aho fa tsy misy Tompo hafa afa-tsy ALLAH, ary manaiky sy mijoro vavolombelona aho fa Mohammad dia Irak'Andriamanitra."
Tamin'izay fotoana izay, dia nofihinin'i Fatima Az-Zahra (as) i Malika (as) sady nilaza Izy (as) : "Ankehitriny dia andraso amin'izay ny fitsidihan'ilay lehilahy ho vadinao."
Toy izany ny nahitan'i Malika (as) tamin'ny nofy ny olona ho vadiny. Naheno izy (as) fa ireo miaramilan'i Kaisara dia handeha hiady amin'ireo mpino silamo, ka mody nanova endrika i Malika (as) ho toy ny vehivavy mpiasa mpanompo mba ho afaka hiaraka amin'izy ireo. Teo indrindra no nanovany ny anarany ho Narjiss mba tsy ho fantatr'izy ireo. Nivoaka ho mpandresy ny mpino silamo tamin'ny ady, ary ireo miaramilan'i Kaisara dia lasa babo an'ady ka noentiny tany Bagdad (Irak) avokoa izy ireo.
I Malika (as) dia anisany niaraka tamin'izy ireo, ary novidin'ny olona iray izay Iraka nalefan'ny Imam Al Hadi (as), satria ny Imam (as) dia efa nahafantatra fa i Malika (as) no ho vadin'ny zanany. Noentina tany

Samarra izy (as), toerana misy ny Imam Al Hadi (as), ka rehefa tonga tany izy, dia nasaina nifidy na vola iray alina dinar na ny voninahitra mandrakizay. Nifidy ny voninahitra mandrakizay i Malika (as), ka nilaza taminy ny Imam (as) hoe : " Fantaro fa hanana zanakalahy ianao izay hitondra ny tany avy any atsinanana ka hatrany andrefana, ary hameno fahamarinana ny tany izay efa heniky ny tsy rariny."

Ao amin'ny Evanjely araka ny voalazan'i Jôhany, dia toy izao ny fanamarihana hitantsika :

**"Ary nomen'ny Ray fahefana hitsara Izy, satria Zanak'olona." (5-27)**

Ao amin'ny Evanjely araka ny voalazan'i Matio :

**"Raha vao afaka ny fijaliana amin'ireo andro ireo, dia hihamaizina ny masoandro, tsy handefa taratra intsony ny volana, hiraraka avy eny amin'ny habakabaka ny kintana ary ho voahozongozona ny herin'ny habakabaka." (24-29)**

**"Amin'izay dia hiseho eny amin'ny habakabaka ny famantarana momba ny Zanak'olona; ka handon-tratra avokoa ny firenena rehetra eto an-tany ary hahita ny Zanak'olona tamy eo amin'ny rahon'ny habakabaka sady omban-kery sy voninahitra lehibe." (24-30)**

**“Dia hisy trompetra haneno mafy; ary hirahin’ny Zanak’olona ireo anjeliny, ka ireo no hanangona ny olom-boafidiny avy any amin’ny vazan-tany efatra, manomboka amin’ny faravodilanitra ankilany ka miafara amin’ny faravodilanitra andaniny.” (24-31)**
**“Rehefa ho avy amin’ny voninahitra maha mpanjaka Azy ny Zanak’olona sady hotronin’ny anjely rehetra, dia hipetraka eo amin’ny seza fiandrianany mamirapiratra.” (25-31)**

**“Ary hangonina eo anatrehan’ny Zanak’olona ny firenena rehetra. Dia hanavaka ny olona ho roa tonta ny Zanak’olona, tahaka ny mpiandry manavaka ny ondry amin’ny osy;” (25-32)**

## d) Ny fanjavonan’ny Imam Al Mahdi (as)

Nitondra vohoka i Malika (as), zaza izay efa nampanantenaina fa homena ny anarana hoe ny Imam Al Mahdi (as). Ny mpitondra tamin’izany fotoana izany dia nitady azy (as) satria efa henon’izy ireo tamin’ny Mpaminany Mohammad (saw) fa ny zanakalahin’ny Imam Hassan Al Askari (as) antsoina hoe Imam Al Mahdi (as) dia handrava ny fanjakan’izy ireo. Noho ny fatahoran’izy ireo hitrangan’izany, dia notadiavin’izy ireo ny zanaky ny Imam Hassan Al Askari (as) mba ho vonoina. Izany indrindra no antony nahatonga ny fahaterahany ho tsiambaratelo. Avy eo nataon’Andriamanitra nanjavona Izy (as) nandritra ny fotoana voafetra tao anatin’ny

fahazazany. Ary taty aoriana, dia nataon'Andriamanitra nanjavona Izy (as) nandritra ny fotoana lava izay mitohy hatramin'izao vanim-potoanantsika izao.

Nilaza ny Imam As-Swadik (as) fa Andriamanitra dia nametraka teboka maromaro itovizan'ny Imam Al Mahdi (as) amin'ireo Mpaminany anankitelo : Ny fahaterahany dia mitovy amin'ny Mpaminany Mosesy (as), ny fanjavonany dia mitovy amin'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ny tsy fahamaikany amin'ny fanaovana zavatra dia mitovy amin'ny tsy fahamaikan'ny Mpaminany Noah (as).

Rehefa nangataka fanazavana antsipirihany izy, dia nanazava ny Imam (as) fa rehefa fantatr'i Faraona fa misy olona iray hanapotika ny fanjakany, dia nangataka tamin'ireo manam-pahaizany i Faraona mba hilaza aminy ny fiavian'izany lehilahy izany; namaly izy ireo fa avy amin'ny zanak'Israely izany lehilahy izany. Nanome baiko i Faraona mba handidy ny kibon'ireo vehivavy rehetra mitondra vohoka amin'ireo zanak'Israely, ary hamono ireo zazakely rehetra hita ao anatin'ny kibon'ny Reniny. Maro ireo zazakely mbola minono no maty novonoin'izy ireo, saingy ny Mpaminany Mosesy (as) dia mbola velona hatrany.
Torak'izany koa ireo Omayyade sy ireo Abbasside, rehefa nahafantatra izy ireo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Mohammad (saw) fa ny fahefam-pitondran'izy ireo dia ho potiky ny Imam Al Mahdi (as), dia nilaza ankarihary izy ireo ny fanoherany ireo

taranaky ny Mpaminany Mohammad (saw). Hampiasa sabatra ny fikasan'izy ireo mba handringanana ireo taranaky ny Mpaminany Mohammad (saw), indrindra indrindra ny Imam Al Mahdi “as” (izay efa nolazain'ny Mpaminany Mohammad “saw” fa hanapotika ny fahefan'izy ireo). Fa Andriamanitra dia tsy hamela velively ny Imam Al Mahdi (as) ho hitan'ireo fahavalo raha tsy efa tontosa ny fiparitahan'ny hazavana avy amin'Andriamanitra, izay hankahalain'ireo mpampitambatra an'Andriamanitra amin'ny hafa.

Raha ny momba ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) indray, dia mino ireo Jiosy sy ireoKristianina fa maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy (as), nefa dia velona Izy (as) eo anilan'ny Tompony. Torak'izany koa, ny fiandrasana ela ny fisehoan'ny Imam Al Mahdi (as) dia mahatonga ny maro tsy hiraharaha Azy (as).

Raha ny momban'ny Mpaminany Noah (as) indray, dia nangataka tamin'Andriamanitra Izy (as) mba hanasazy ireo vahoakany satria tsy nino ny teniny izy ireo. Nalefan'Andriamanitra taminy ny Anjely Gabriela niaraka tamin'ny voan-javatra miisa 7, ka nilaza taminy ny Anjely Gabriela fa toy izao voalazan'Andriamanitra : “Zavaboahariko izy ireo; tsy hanapotika azy ireo Aho raha tsy efa tontosa tanteraka ny antsonao. Antsoy indray ho aty amiKo izy ireo fa ahazo valisoa amin'izany ianao. Ary hamboleo ireo voan-javatra ireo, satria rehefa ho hitanao ny voankazon'izy ireo, dia ho hitanao ny fahafahana. Ambarao amin'ireo mpino mpanaraka anao izany vaovao izany.”

Rehefa nitsiry ny hazo ary nivoaka ireo voankazo, dia nangataka tamin'Andriamanitra ny Mpaminany Noah (as) mikasika ny fiafaran'ny fiandrasany. Nilaza taminy Andriamanitra mba hamboly ireo voan-javatra avy amin'ireo hazo namboleny, ary hiandry ny fitsirian'ireo hazo sy ireo voankazo.
Nasain'Andriamanitra nanao izany fambolena izany impito mifanesy izy, ary isaky ny dingana iray dia maro ireo tratry ny fisalasalana, ka lasa niataka ny Mpaminany Noah (as) izy ireo. Tamin'ny farany dia olona fitopolo mahery kely sisa no nijanona niaraka tamin'ny Mpaminany Noah (as).
Nambaran'Andriamanitra tamin'ny Mpaminany Noah (as) fa ankehitriny, dia hitanao tsara ireo tena mpino marina, ary ireo nandao anao dia tsy mbola nanana fo madio.

Toy izany koa, ny fanjavonan'ny Imam Al Mahdi (as) dia maharitra fotoana lava, ka hiseho ny tena marina, ary ny finoana dia ho voadio amin'ny loto rehetra. Ka hiavaka ireo tena mpino satria hijanona hiaraka mandrakariva amin'ny Imam Al Mahdi (as) izy ireo amin'ny vanim-potoana farany. Fa ireo manana finoana misy fisalasalana kosa, noho ny fahataran'ny fahatongavany dia hanomboka tsy hiraharaha ny Imam amin'ny vanim-potoanany.
Ao amin'ny Evanjely araka ny voalazan'i Matio, dia hitantsika taratra ireo fitoviana eo amin'ny fiainan'ny Mpaminany Noah (as) sy ny Imam Al Mahdi (as) :

**"Eny, tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa ny fiavian'ny zanak'olona." (24-37)**

Hitantsika ihany koa ao amin'ny Evanjely araka ny voalazan'i Matio, fa amin'ny vanim-potoana farany, dia ireo tena vontom-pinoana ihany no tena miandry marina ny fahatonagavan'ny mpanavotra azy ireo :

**"Ary dia hihanaka tokoa ny ratsy ka hihamangatsiaka ny fitiavana an'Andriamanitra ao ampon'ny maro;" (24-12)**

**"kanefa izay maharitra hatramin'ny farany no ho voavonjy." (24-13)**

## IV-Ny Imam Al Mahdi (as) sy Jesoa Kristy (as)

Nilaza ny Imam Ali (as) fa ny Imam Al Mahdi (as) dia hiverina ho any Jerosalema, ary hipetraka ao mandritra ny andro vitsivitsy hivavaka. Ny andro zoma, dia hidina avy amin'ny lanitra ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), izay lehilahy tsara endrika amambika, izy no mitovy endrika indrindra amin'ny Mpaminany Abrahama (as). Manatona Azy (as) ny Imam Al Mahdi (as), mandray tanana Azy (as), ary milaza vaovao mahafaly aminy amin'ny fandresena. Mangataka ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ny Imam (as) mba hitarika ny fivavahana, saingy milaza Izy (as)

fa ny Imam Al Mahdi (as) no tokony mitarika izany. Ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) no manao ny antso ho amin'ny fanatanterahana ny fivavahana (soalat), avy eo mivavaka aorian'ny Imam Al Mahdi (as) Izy (as).

Ny Imam As-Swadik (as) dia mitatitra ihany koa fa ny Imam Al Mahdi (as) dia handeha ho any Jerosalema. Hitarika fivavahana any Izy (as) mandrapahatongan'ny andro zoma izay ahatongavan'ny Mpaminany Jesoa Kristy (as)…Hanao fehiloha maintso izy, hipetraka eo ambony soavaly, ary hitondra sabatra. Rehefa midina izy, dia hisy olona hiantsoantso : " Ry mpino silamo! Tonga ny fahamarinana ary ny fahadisoana dia natao hanjavona."

Andriamanitra anie hanampy antsika hahafantatra ny voninahitry ny Imamon'ny vanim-potoanantsika, ny Imam Al Mahdi (as) sy ny sakaizany ny Mpaminany Jesoa Kristy (as), ary mba hanam-paharetana ka tsy hanary ny finoantsika, ary mba hahazo tombontsoa amin'ny fahazavan'ny fontsika amin'ny fahatongavany.

# Fizahan-takelaka


A) Masina Maria ..........................................................2

I-Ny Renin'i Maria (as) ....................................................2

II- Ny fahaterahan'i Maria (as) sy ny alahelon'ny Reny...........3

III – Iza no handray an-tanana ny fiandraiketana an'i Maria (as) ? ......................................................................4

IV – Ny fiainan'i Maria (as) tao amin'ny Tempoly ...................5

V- Ilay fitsapana mafy ........................................................7

VI – Masina Maria (as) nitoka-monina irery..........................11

VII – Ny fanamaivanana azon'i Maria (as) ............................12

VIII- Ilay mpiaro an'i Maria (as) ..........................................14

IX- Maria (as), ohatra amin'ny fitiavam-bavaka, fahamaotinana, sy fanompoana ........................................16

a)Maria (as) ........................................................................17

b)Asîa (as) ..........................................................................19

d) Khadijah (as)....................................................................20

e) Fatimat Az-zahra (as)........................................................21

B) Ny Mpaminany Jesoa Kristy (as) ......................................23

I-Ny fahaterahana sy ny fahazazan'i Jesoa Kristy (as) ...........23

II – Ireo toetra manokana nananan'i Jesoa Kristy (as) ...........25

a) Ny hafatra itovizan'ireo Mpaminany rehetra (as).............25

1-Ny Mpaminany Noa (as)....................................................26

2-Ny Mpaminany Josefa (as) ...............................................27

b) Jesoa kristy (as) ilay Mpanompon'Andriamanitra .............30

d) Jesoa Kristy (as) Ilay Mpaminany .......................................36

1-Ireo ambaratonga samihafa amin'ny faminaniana : Mpaminany, Iraka na Iraka mafy sy hentitra .........................36

2-Jesoa Kristy (as) : Mpaminany, Iraka sady Iraka hentitra sy mafy.........................................................................................38

e) Jesoa Kristy (as) Ilay nosoavina .........................................39

f) Ny hatsaran-toetran'i Jesoa Kristy (as) manoloana ny Reniny .............................................................................................41

g) Jesoa kristy (as) mamiratra sy fanta-daza teo amin'ny tontolo anankiroa ..................................................................45

h) Jesoa Kristy (as), Ilay famantarana avy amin'Andriamanitra .............................................................................................47

i) Jesoa Kristy (as) ohatra faka-tahaka ho an'ny olombelona rehetra...........................................................................49

III-Ireo fahagagana noentin'i Jesoa Kristy (as)........................51

a)Mikasika ireo fahagagana...................................................51

1)Fa nahoana no misy ireo fahagagana ?..............................51

2) Fa nahoana ireo fahagagana noentin'ireo Mpaminany no tsy nitovy? ...........................................................................54

b)Jesoa Kristy (as) miteny mbola eo am-pandrian-jaza .........55

d) Jesoa Kristy (as), nahary, nanasitrana, nampitsangana ny maty, ary nampafantatra ireo zavatra miafina ......................57

e)Ilay latabatra voahomana avy any an-danitra ....................63

D) Ireo Apôstôly....................................................................68

I-Fa maninona ireo mpanara-dian'i Jesoa Kristy (as) no nantsoina hoe "Apôstôly" (Hawariyoun) ...............................68

II-Ireo Apôstôlin'i Jesoa Kristy (as) voalaza ao amin'ny boky masina kor'any ..................................................................69

III- Ireo Apôstôly voalaza amin'ny hadith [(tenin'ny Mpaminany (saw) sy tenin'ireo Imamo roambinifolo (as)]....71

IV-Ny fahefana nananan'ireo Apôstôly .................................72

V-Ny tena harena sarobidy...................................................79

E) Ireo kristianina ao amin'ny kor'any...................................85

F) Ireo fanambarana mialoha sy ireo toro-hevitr'i Jesoa Kristy (as) ..........................................................................................91

I-Hadith voalohany : anjam-bolamena anankitelo.................91

II-Hadith faharoa : ny fahendrena........................................92

III- Hadith fahatelo : ny fahatezerana...................................93

IV- Hadith fahaefatra : ny zanakalahy tia vavaka ...................94

V-Hadith fahadimy : mandositra ny fiainana an-tany ............95

VI-Hadith fahaenina : Miala amin'ireo fahotana....................97

VII-Hadith fahafito : Ny ahiahy sy ny fitondran-tena tsy mendrika ..........................................................................97

VIII-Hadith fahavalo : fanavahana ny ho enti-manana sy ny tanjona ..............................................................................98

IX- Hadith fahasivy : Ny manam-pahaizana............................99

X- Hadith fahafolo : ny alahelo ............................................99
XI-Hadith faharaika ambin'ny folo : Ny ketrina ...................100
XII-Hadith faharoa ambin'ny folo : fanomezana fiantrana...101
XIII-Hadith fahatelo ambin'ny folo : ny tany, ny rano, ny masoandro sy ny volana ....................................................102
XIV- Hadith fahaefatra ambin'ny folo : Ireo onjan-dranomasina..................................................................103
XV- Hadith fahadimy ambin'ny folo : Ny mpampianatra an'i Jesoa Kristy (as) ...............................................................103
XVI-Hadith fahaenina ambin'ny folo : Ny fiheverana ny zava-drehetra ho tsara..............................................................104
XVII- Hadith fahafito ambin'ny folo : Miady amin'ny fiainana an-tany ........................................................................104
XVIII- Hadith fahavalo ambin'ny folo : Ny rano sy ny afo.....105
XIX- Hadith fahasivy ambin'ny folo : fankahalana ny fiainana an-tany ........................................................................105
XX-Hadith faharoapolo : Ny fanantenana ...........................105
XXI-Hadith faha iraika amby roapolo : Ny vola....................107
XXII- Hadith faharoa amby roapolo : Ny fandovana............108
XXIII-Hadith fahatelo amby roapolo : Ny fianianana sy ny eritreri-dratsy ................................................................108
XXIV- Hadith fahaefatra amby roapolo : Ny namana ..........109
G) Ny fiverenan'i Jesoa Kristy (as) .......................................110
I-Ny fiakaran'i Jesoa Kristy (as)...........................................110

II-Ny andraikitr'i Jesoa Kristy (as) amin'ny fiverenany .........111
III-Ny fivoahan'ny Imam Al Mahdi (as).................................112
a) Iza moa ny Imam Al Mahdi (as) ? ....................................112
b) Ny Renin'ny Imam Al Mahdi (as).....................................114
d) Ny fanjavonan'ny Imam Al Mahdi (as).............................118
IV-Ny Imam Al Mahdi (as) sy Jesoa Kristy (as)......................122